# *KIJEJA, KORAIKA, VALALAVAO, SOMPANGA*

Misaotra anao, Rahalahy Neville. Voamariko fa manohy manamboatra an'ilay fanamafisam-peo kely izy ireo, na ny hamafiny. Afaka mandre ahy tsara mihitsy ve ianareo? Tsara izany. Ny . . . Misaotra anao.

Ny fanakorontanana kely, fotoana vitsy lasa izay, dia, nametraka ny fiarany teo amin'ny toerana tsy izy ny rahalahy iray teto, ary ny olona, heveriko, dia mila azy hamindra an'izany. Izany ilay izy. Ary izy . . .

[Miresaka amin-dRahalahy Branham mikasika an'ireo fanamafisam-peo Rahalahy Gene Goad—Mpand.] Ity anankiray eto *ity* ve? Ahoana raha esoriko ity? Afaka mandre ahy tsara mihitsy ve ianareo? Izaho . . . Izany ilay ohabolan'i Kentucky hoe, "Nivovò teo amin'ny kirihitra tsy izy izahay." Nandinika an'*ity* fanamafisam-peo ity aho, nefa *ity* no tokony ho izy. Tsara izany. Misaotra anao, Rahalahy Gene. Ankehitriny, androany, izany dia . . .

2 Faly izahay ny hanao tatitra ny amin'ny fivoriana tany—tany Middletown, Ohio, tamin'ny herinandro lasa, na herinandro talohan'ny farany, izay ilay izy, ankehitriny. Fotoana iray be voninahitra ho anay izany. Izahay dia nanana . . . Oh, tsy dia goavana loatra ilay fiangonana. Fa ilay izy dia tany amin'ny faritra tao amin'ny toerana iray izay antsoin'izy ireo hoe Chatauqua, lavitra any, valo na sivy maily miala ny tanàna. Fa ny—feno hipoka ny seza, ary nahazaka olona an'arivony vitsivitsy. Tsy dia mahay manombatombana vahoaka loatra aho. Ary noho izany ny zava-dehibe, dia, nihaona taminay Jesosy, ary izany ilay ampahany tsara. Ary nitondra vokatra lehibe izany, ho an'Ilay omenay ny dera, ny Tompo Andriamanitra, nohon'ny nanaovana an'izany ho anay.

3 Ary nisy ny sasany tamin'ireo olona mahafinaritra indrindra izay hany nihaonako teo amin'ny fiainako, tao amin'io faritra io. Ary satria tena akaiky ny sisin-tany isika eto, dia mety hilaza an'ity aho, Kentuckiana sivy amby sivifolo isan-jato izy ireo. Ny zavatra rehetra any dia Kentucky. Hoy Rahalahy Sullivan hoe, "Rahalahy Branham," hoy izy, "fantatrao ve, ny rehetra, saiky ity lohasaha kely tonga hatreto ity, dia Kentucky?"

Dia hoy aho hoe, "Izaho—tsy nahafantatra an'izany aho."

Hoy izy hoe, "Eny, izany izy ireo."

4 Ary indray hariva tao amin'ny fivoriana dia sendra nilaza aho hoe, "Firy eto no avy any Kentucky, atsangano ny tànanareo." Nijery manodidina aho, nieritreritra aho hoe, "Misy olona avy any an-kafa ve?" Ny rehetra mihitsy, Kentucky.

5 Ary nahafinaritra ireo vokatra, tatitra maro be! Nisy le—lehilahy mihaja iray, omaly, izay tonga, nandalo ary niteny tamiko ny amin'ireo zavatra sasany izay niseho, sy ireo taratasy izay tonga, ary ny fijoroana vavolombelona samihafa. Ary avy eo dia nisy . . .

6 Misy lehilahy mihaja iray eto aoriana eto manao an'ireo fandraisam-peo izao ankehitriny izao, ary nilaza izy, tamin'ny hariva anankiray, mino aho fa nilaza izy hoe ny "hariva farany," rehefa nitory mikasika an'ilay voromahery kely aho. Ary nilaza izy fa . . . Tao amin'ny laharan'ny fahaiza-mamantatra, na mety ho efa tao amin'ny fiangonana, tsy hilaza fotsiny aho hoe iza, fa nisy lehilahy anankiray izay tonga avy teo amin'ny mpanatrika. Ary nanomboka niresaka taminy ny Fanahy Masina, ka niteny taminy fa tsy avy amin'io faritra io izy, fa avy any Indiana izy, toerana iray any Indiana. Ary nanao hoe, "Tsy mitsangana eto ho an'ny tenanao ianao. Mitsangana eto ianao ho an'ny zaza kely iray izay anao, vao amam-bolana vitsy fotsiny, angamba telo volana," ary zavatra tahaka an'izany. Ary saika hodidiana izy, ka tsy maintsy ho esorina ny fo. Ary izany dia tena toe—toerana iray mampalahelo; nivonto ireo havokavony kely, ny tratrany; nilentika ny kibo keliny. Ary niteny taminy mba handeha hody, tsy hisalasala; fa raha tsy hisalasala izy, dia hahita ny zazakeliny mety tsara.

7 Ankehitriny, ao amin'ny efitrano manaraka ao mihitsy ilay fijoroana vavolombelona ankehitriny, ary angamba ato amin'ny mpanatrika ilay zazakely, araka ny fantatro. Nihena ara-dalàna ireo havokavok'ilay zazakely, ary niverina ara-dalàna ilay kibo kely. Ary ato ilay lehilahy izay manao an'ireo fandraisam-peo, ny iray amin'ireo horonam-peo izao maraina izao, nitondra an'ilay reniny, ilay rainy, ary ny . . . izany horonam-peon'ny mpiara-monina izany, ary nitondra azy ireo niditra, sy nitondra an'ilay zazakely, ka nametraka an'ilay zazakely ao amin'ny efitra, ary nandefa an'ilay horonam-peo, izany no HOY NY TOMPO HOE. Ary nilaza izy fa rehefa tonga teo amin'ny toerana izay nahatongavan'ilay lehilahy mihaja mba haneho ny tenany teo amin'ny lampihazo izy ireo, nanao hoe, "Niditra tao amin'ny efitra ny Fanahy Masina, satria nipetraka teo mihitsy ilay zaza kely, nibadabada sy nilalao, ary nanohy." Tsy nila fandidiana. Tsy nila nandidy ireo dokotera. Ny Tompo no nandidy an'ilay zazakely, tamin'Ny Heriny lehibe, lehibe. Ary nipetraka teo ilay zaza kely, nilalao teo ambonin'ilay fandriana kely, ary—ary nipetraka teo ilay reny sy ray, ary ilay mpiara-monina izay mety ho nisalasala kely tamin'ilay zavatra manontolo; teo ny Fanatrehana. Raha tsy izany no finoana apostolika, dia tsy

fantatro hoe inona izany.

8 Fantatrareo, ny Baiboly dia nilaza, rehefa Jesosy no, tamin'ny alàlan'ny apostoly Petera sy Jaona, nanasitrana an'ilay lehilahy kilemaina teo amin'ny vavahady, "Tsy afaka nilaza na inona na inona nanohitra an'izany izy ireo, satria nitsangana teo ilay lehilahy ho vavolombelona iray." Noho izany, mbola velona foana Kristy. Isaorana anie Ny Anarany. Fiononana iray toy ny inona izany amin'izao andro izao! Ankehitriny, iray amin'ireo fijoroana vavolombelona maro fotsiny izany. Fa inona izany amin'izao andro izao, ny mahita fa ilay Andriamanitra iray ihany, miaraka amin'ireo hetsika mahagaga iray ihany, ireo zavatra iray ihany izay Nataony, dia manao tahaka an'izany mihitsy Izy amin'izao andro izao, satria Izy no tsy miova omaly, anio, ary mandrakizay. Mankasitraka isika ny manana tombontsoa hivory izao maraina izao amin'Ny Anarany.

9 Ankehitriny, mivavaha ho anay raha manao dia mitety toerana izahay, mba hanompo ny Tompo amin'ny fahafahana izay Hiantsoany anay. Ary faly isika fa tsy avy amin'ny tabernakla eto fotsiny ihany izany, fa avy amin'ny manodidina rehetra, manerana ny firenena.

10 Misaotra anao, ranabavy. Zavatra mahatoky iray izany. Fantatro fa ilay Andriamanitry ny Lanitra lehibe dia nahita anao nanao an'ilay zavatra iray ihany. Ramatoa iray, somary tanora kely kokoa noho ilay iray hafa, mipetraka eto. Ary vehivavy iray izay efa tany amin'ny saha ho an'ny Tompo, taona maro talohan'ny nahaterahako, izy sy ny vadiny; dimampolo taona mahery, nitory ny Filazantsara. Niasa tao amin'ny toerampitrandrahana arintany izy, mba hanohana azy teny an-tsaha, mba hitory ny Filazantsara izay tohanako. Nipetraka teo aloha ilay ramatoa azon-taona, tsy nisy fikopahana, namafa ny hatsembohana teo amin'ny tavany; mitsangana ny vehivavy tanora iray ka tonga mitondra ny fikopahany ho azy. Noho izany, teneniko aminareo, faly aho tafavory miaraka amin'ny olona tahaka an'izany izao maraina izao, manao ahy ho faly fa Kristiana iray aho, ary tafavory miaraka amin'ny olona Kristiana.

11 Ankehitriny dia tena mafana ny andro eto amin'ny faritra misy antsika, ary manerana ny faritra rehetra ankehitriny. Ary miandry ny fahatongavan'ny fararano isika, izay hangatsiaka kokoa ny andro. Ny fivorianay goavana manaraka izay fantatray dia any San Jose, California. Tany no nisy anay tao amin'ireo sahan'ny foara nandritry ny andro vitsivitsy, ary nisy fivoriana iray tahaka an'izany tany, ka tsy nahavita na inona na inona izahay mba hikarakarana azy ireo. Ary ireo vondrona iray ihany ireo no manohana an'ireo fivoriana ho avy ankehitriny any amin'ireo sahan'ny foara any San Jose. Ary matoky izahay fa raha mipetraka any akaiky any ianareo, na ireo sakaiza, dia

manorata ka teneno izy ireo mba ho any amin'ny fivoriana. Raha tsy izany, dia mivavaha ho anay.

12 Ankehitriny, androany, nilaza aho fa ho eto izao maraina izao maraina, mba hikambana ao amin'ny vavaka sy amin'ny fitalahoana amin'ny Tompo, miaraka aminareo olona rehetra. Ary raha misy vahiny eto anivonay, dia miala tsiny izahay fa tsy misy rivotra mangatsiaka ny tranobenay, fa fiangonana iray mahantra fotsiny izahay, amin'ny fananan'izao tontolo izao, saingy manan-karena amin'ny Finoana ny Fanjakan'Andriamanitra. Ary miarahaba anareo izahay mandritr'ity fitsidihana fohy ity, mivavaka mba hiverenanareo ka hiaraka aminay indray. Indray andro any dia manantena ny hanana fiangonana iray tsaratsara kokoa izahay.

13 Tsy dia sahirana amin'ny fanorenana fiangonana loatra izahay amin'izao andro izao, satria mino marina tokoa izahay, amin'ny fonay rehetra, fa ho avy tsy ho ela ny Tompo Jesosy. Nefa eny amin'ny saha ireo misionera, mitory ny Filazantsara, tsy manao kiraro, mihinana sakafo indray mandeha isan'andro, dia ahoana no ahafahanay hanorina fiangonana iray tapitrisa dolara manoloana an'izany? Izaho—tsy afaka mahita an'izany fotsiny aho, nefa avy eo dia manao hoe, "Ho avy tsy ho ela ny Tompo." Ndao isika hankany amin'ny saha ary hanao izay vitantsika ao amin'ity taranaka ity. Raha misy iray hafa, dia avelao . . . Hamaly ho an'ny azy ireo izy ireo; isika tsy maintsy hamaly ho an'ity anankiray ity. Tsy afaka hanaiky fotsiny an'ireny tranobe an-tapitrisany dolara ireny aho, sy ny sisa, rehefa avy teny amin'ny saha ka nahita an'izany.

14 Ankehitriny, mahafinaritra izany. Heveriko fa tokony ho tsara ny tranon'ny Tompo. Ary izany dia tokony ho—toerana kely masina iray. Manao azy hahazoana aina sy mahafinaritra arak'izay azo atao, fa tsy zavatra tafahoatra, satria tsy azontsika izany.

15 Ankehitriny alohan'ny hivavahantsika sy hamakiantsika ny Soratra, dia tiako ny hanome ny . . . tsy hitory teny izao maraina izao, fa hanome lahateny iray mikasika ny Soratra. Ary mazàna tonga . . . Ao amin'ny fiangonako manokana irery ihany aho no manao an'izao, ary ato amin'ny fiangonanay izahay. Tsy anaram-piangonana iray izahay. Iraisan'ny anaram-piangonana izahay, araka ny natiora, ary tsy mikambana amin'ny fiangonana rehetra ao amin'ireo laharan'anaram-piangonana, fa mifandray amin'ny mpino rehetra avy amin'ny anaram-piangonana rehetra sy ny olona rehetra manerana an'izao tontolo izao. Ny fiangonana kelinay, izao maraina izao, dia fantatra manerana an'izao tontolo rehetra izao. Ireo horonam-peo izay ianareo . . . Ireto Hafatra ireto, tapatapaka araka ny maha-izy azy ireo, kanefa izahay dia manohana, eo amin'ireo sahan'ny misiona, (firenena vahiny firy?) firenena

vahiny sivy ambin'ny folo, eo amin'ireo horonam-peo irery fotsiny.

16 Firenena sivy ambin'ny folo samihafa no maka an'ireo Hafatra ary mandika azy ireo. Olona iray, raha mitory teny aho, dia mitsangana eo ny olona iray mitory teny miaraka amin'izany mihitsy. Ary mandeha any amin'ny trano bongo sy any amin'ireo toerana izay tsy ahafantarana an'Andriamanitra akory aza izy ireo, ka mitory teny amin'ny mpanompo sampy, ary any amin'ireo teratanin'i Afrika sy Amerika Atsimo, ary manerana an'izao tontolo rehetra izao, ary an-jatony sy an-jatony no manatona ny Tompo. Maro no sitrana. Ary izany no antony ahatsapanay fa zava-dehibe tanteraka ny manafaingana ny Hafatra, fa tsy ao amin'ireo tranobe sy ny sisa.

17 Ary avy eo rehefa eto aho, dia manana lahateny mikasika ny Soratra fotsiny aho. Fa, any amin'ny saha, dia tsy mitory Foto-pampianaram-piangonana mihitsy aho, satria, ny fanaovana an'izany, izany no manao an'ilay izy ho sarotra. Ireo olona dia hilaza fa ny "Foto-pampianarako dia tsy marina," na zavatra tahaka an'izany. Ary raha mitory anankiray ianareo . . . Raha mitory ny fampianarana Metodista aho, dia tsy hifanaraka amiko ireo Batista. Raha mitory ny an'ny Batista aho, amin'izay fotoana izay dia tsy hifanaraka ny Loterana. Raha mitory ny Pentekotista aho, amin'izay fotoana izay dia tsy hifanaraka ireo Nazareana. Raha mitory ny Nazareana aho, amin'izay fotoana izay dia tsy hifanaraka ny fiangonan'Andriamanitra. Noho izany, hitanareo, tsy maintsy manohana zavatra iray ianareo, fa, eo amin'ny sehatry ny sahan'asa, dia manao ny mpino tsirairay ho tongasoa fotsiny izahay, tsy mampaninona izay fanekem-pinoanareo na anaram-piangonanareo. Raha mbola nateraka indray tamin'ny Fanahin'Andriamanitra foana ianareo, dia rahalahinay sy anabavinay. Ary mikasa ny hihazona azy tahaka an'izany foana izahay.

18 Ary avy eo, raha sitraky ny Tompo, androany, dia te-hitory aho, ato amin'ny fiangonanay, ny fiangonanay dia mitsangana eo amin'ny Foto-pampianaran'ny Baiboly, izany no tohanan'ny fiangonana, ary nahoana izahay no manao an'izany. Ary amin'ny fanaovana an'izany, izahay dia tsy maintsy miteraka na . . . tsy manao fanahy iniana hanao, fa mety hiteraka fanontaniana ao an-tsain'ny olona iray izahay, manao hoe, "Eny, tsy nampianarina an'izany mihitsy aho, na mino an'Izany ho tahaka an'*izao-sy-izao*." (Misaotra anao.)

19 Ary raha tena mitranga izany hoe ianareo dia . . . tsy mino ny fiangonanareo, na tena tsy mino fotsiny an'ireo zavatra izay lazainay ho Foto-pampianaran'ny fiangonanay ianareo, dia matoky izahay fa tsy hitondra fanafintohinana iray velively izany. Satria, ny tena dingana voalohany mankany amin'ny fahombiazan'ny Kristianisma, sy hanehoana fa nandray ny Fanahy Masina ny olona, dia ny fanetre-tena, tena fanetre-tena

nomen'Andriamanitra, ka tsy maintsy omena am-panetre-tena Izany. Fa, kanefa, ny fiangonana tsy manana Foto-pampianarana iray dia tahaka ny trondro malemilemy iray; tsy manana hazon-damosina izy. Noho izany, dia tsy maintsy manana hazon-damosina isika ao anatin'izany. Ary tsy hazon-damosina koa, fa nify, koa, satria ny Fiangonan'Andriamanitra dia tsy maintsy mihinana an'ilay Mofon'Aina.

20 Ary izahay, ao amin'ny sasany amin'ireo filazana izay mety ataoko, raha miezaka handentika an'Izany mafy aho, dia aza diso fahazo an'Izany ankehitriny azafady. Izany, tsy fanahy iniako ny ho henjana, eo amin'ny famelabelarana ny Baiboly. Fa raha izaho, nandritry ny telopolo taonan'ny fikarohana, tsy naka fanekem-pinoana na inona na inona afa-tsy ny Teny fotsiny. . . Misy olona eto izay Presbyterana, Katolika, Batista, Pentekotista, Nazareana, fiangonan'Andriamanitra, Mpivahinin'ny Fahamasinana, mipetraka eto izy rehetra. Ary fantatro fa ny fiangonana tsirairay dia manana ny fanekem-pinoany manokana, ary tsy te-hisakana an'izany aho, fa miezaka fotsiny aho ny mamoaka ny Soratra ary manao an'izany miaraka amin'ny Soratra. Koa noho izany ny rehetra—ny rehetra dia hahazo fa tsy ny ho henjana izany. Tsy maintsy miaraka amin'ny fitiavana sy fangorahana izany, ary miaraka amin'ny famindrampo, ary miaraka amin'ny tsara indrindra izay fantatro hanazavana ny Soratra.

21 Ary ankehitriny ny lohahevitra izao maraina izao dia ho karazana lohahevitra lava, ary tena tsy maniry ny ho maika aho. Te-haka ny fotoako ho an'izay holazaiko fotsiny aho, ary hiezaka ny hanazava an'izany, nahoana isika no milaza an'izany.

22 Imbetsaka mihitsy ao amin'ireo fivoriana, dia hilaza ny olona iray hoe, "Eny, inona no inoany? Batista iray ve izy, mbola? Pentekotista iray ve izy? Mino ny fitenenana amin'ny fiteny tsy fantatra ve izy? Sa, izy ve *ity,* sa *itsy?* Izy ve mpomban'ny fiarovana Mandrakizay? Sa, inona izy?" Ary noho izany raha manononona zavatra anankiray izay maha-izy anareo fotsiny ianareo, dia hilatsaka tahaka ny ovy mahamay izy ireo. Tsy mampaninona, tsy hijanona mba hihaino izy ireo, mba hanao fiheverana, fa handao anareo haingana mihitsy izy ireo.

23 Na taiza na taiza tao amin'ireo fivoriako, tamin'ny fotoana rehetra, dia tsy mbola hany namafy fisaraham-bazana teo anivon'ireo rahalahy aho. Mitory ny Fihavian'ny Tompo fotsiny aho isan'andro, famonjena, ary—ary ny fanasitranana avy amin'Andriamanitra. Tsy mandratra an'ireo olon'ny Full Gospel mihitsy aho.

24 Noho izany ato amin'ny fiangonana eto, dia manana ny Foto-pampianaranay manokana aho. Mivoaka eo anivon'ireo olona izay tonga izany, ka hoy izy ireo, "Eny, izaho . . . Rahalahy

Branham dia nilaza an'*izao-sy-izao,* ireo zavatra ireo." Eny, tsy maintsy manana Foto-pampianarana iray isika.

25 Ankehitriny, vao tsy ela mihitsy tao amin'ny fivoriana iray, rehefa nanontany vondron'ny mpitoriteny iray ny olona iray. Manatrika ireo mpitan-tsoratro sy izy ireo. Taratasy maro, maro no tonga, ary nanao hoe, "Rahalahy Branham ve mino ny—ny fitehirizana sa ny fihazonana, ny fiarovana ny mpino?" Eny, fantatro, tao amin'ny vondrona iray mpanaraka lalàna no nanontany an'izany, ho sarotra ho ahy ny hilaza an'izany; izy ireo dia "hanala tànana" haingana mihitsy. Ary tsy manao fahasamihafana izany na kely aza na mino an'izany ianareo na tsia; raha mbola voavonjy foana ianareo, dia izay no zava-dehibe. Ary tsy nilaza na inona na inona aho. Ary fiangonana enina ambin'ny folo samihafa no niala tamin'ny fanohanana, hitanareo ilay. . .satria nandà ny hamaly aho, nohon'ny fihazonana ny fiombonana tamin'ny olona.

26 Ankehitriny, ato amin'ny fiangonana izao maraina izao, dia tiako ny hanazava hoe nahoana aho no mino an'izay inoako.

Ndao isika hivavaka.

27 Tompo, Izay nanangana an'i Jesosy tamin'ny maty, ka nanome Azy ho anay ho Fanatitry ny Fitiavanao anay, ary tamin'ny fanasan'ny ranon'ny Teny, no Nanamasinany vahoaka hafa iray, vondrona iray nantsoina hivoaka, ary miandry ampaharetana Ny Fihaviany Faharoa izahay. Ary fantatray fa, eo imason'ny olona, dia misy fanekem-pinoana sy anarampiangonana maro. Ary, Andriamanitra Ray, hivavaka izahay mba Hitahianao ny isan'isany sy ny tsirairay avy amin'izy ireo. Ary ny toerana izay tohanan'izy ireo, na dia mety tsy mifanaraka amin'izy ireo aza izahay amin'ireo zavatra maro, kanefa, amin'ny fitsipika, amin'ny maha-Kristiana sy amin'ny maha-rahalahy, dia mitsangana soroka amin'ny soroka miaraka amin'izy ireo izahay. Ary tsy soroka amin'ny soroka fotsiny ihany, fa fo amin'ny fo. Ao amin'ny andron'ny tsy firaikena, izay misy ny olona kirina sy mieboebo, tia ny fahafinaretan'izao tontolo izao noho Andriamanitra, dia mivavaka izahay, O Andriamanitra, mba hamatoran'ny Fanahy Masina ny fonay miaraka akaiky kokoa, ny rehetra, isan'andro. Sitrano ny marary izao maraina izao, Tompo.

28 Misy ireo izay tokony hiditra ao amin'ny batisan'ny rano. Ary mivavaka izahay mba hamenon'Ny Fanahinao Masina azy ireo amin'(ny) Ny Fanatrehany raha tsy efa nandray an'izany izy ireo. Enga anie izy ireo ho lasa voaisy tombokase hiala lavitra an'ireo zavatr'izao tontolo izao, ary feno ny Fanahin'Andriamanitra, amin'ny fitiavana Masina an'Andriamanitra, ary miaraka amin'ny fiombonana amin'ny olona rehetra.

29 Tompo, manerana an'ireo firenen'izao tontolo izao, rehefa naniraka ahy Ianao, lehilahy mahantra iray tsy mahay mamaky

teny, kanefa, Tompo, mino amin'ny foko aho, Anao, ireo zavatra izay ninoako sy nampianarina tamin'ny alàlan'ny Baiboly, ary nohamarinin'ilay Anjelin'ny Tompo Izay mitsangana manatrika mba hanamarina an'izay voalaza, raha avy amin'Andriamanitra izany. Imbetsaka, dia mihevitra ahy ho mpanao marimaritra iraisana ny olona. Ianao no mpitsara ny foko. Fa tahaka an'i Paoly fahiny, izay nitory ny Jodaisma mihitsy aza mandrapahazoany ny fahatokian'ny olona, ary avy eo dia nitory an'i Kristy voahombo izy; fa voalohany dia ny hahazo ny fahatokian'ny olona, mba haha-mamy sira ny Hafany. Mivavaka izahay, O Tompo, mba Hanamamianao ny resakay sy ny fiombonanay, amin'ny Siran'ny Fanahy, amin'ny Ràn'ny Tompo Jesosy, ka ataovy ho vahoaka izay efa nantsoina izahay, ary mba ahafahan'izao tontolo izao hijery sy handinika ny fiainanay, ary avy eo dia ho lasa mangetaheta ny hitovy aminay. Tehirizo hanetry tena izahay, ary fenoy ny Fitiavanao sy Ny Fanahinao. Fa mangataka an'izany izahay amin'ny Anaran'Ilay Izay nivavaka mba hahatonga anay ho iray, amin'izay fotoana izay, dia hahafantatra ny olona rehetra fa Zanany izahay, rehefa mifankatia izahay. Amena.

30 Ankehitriny, ho anareo, fantatro fa somary mafana ny andro. Ary raha misy—misy fampangatsiahan-drivotra eto aoriana eto izay tian'izy ireo hitondrana azy na aiza na aiza, dia toa ho tsara kokoa, mety tsara izany. Te-hamaky vitsivitsy fotsiny aho ankehitriny avy ao amin'ny Soratra Masina.

[Hoy Rahalahy Neville hoe, "Manelingelina anao ve ity fampangatsiahan-drivotra ity?"—Mpand.] Tsia, tompoko. Tsia raha mbola eo amin'ny gorodona tahaka an'izao foana ilay izy. Mino aho fa ho mety tsara izany, Rahalahy Neville.

31 Tiako ianareo hamadika miaraka amiko ao amin'ny Soratra, ao amin'ny Bokin'i Joela, ary avy eo dia manana toerana maro aho eto izay tiako ho vakiana, voalohany, mba hahazoana lahateny iray, foto-kevitra iray ho an'ny lahateny iray. Voalohany, ao amin'ny Joela, toko faha-1, manomboka amin'ny andininy faha-1, ary mamaky ny faha-4. Ary avy eo ao amin'ny toko faha-2, ny faha-25 ka hatramin'ny faha-27, hamaky isika ho an'ny famakiana ny Soratra.

> Ary *ny tenin'ny* TOMPO*...dia tonga* tamin'i *Joela zanak'i Petoela.*
>
> *Henoy izao, ry anti-panahy, ary mandrenesa,* ry *mponina amin'ny tany rehetra.* Efa *nisy tamin'ny andronareo ve izao, na tamin'ny andron'ny razanareo?*
>
> *Teneno amin'ny zanakareo izao, ary aoka ny zanakareo hiteny amin'ny zanany, ary ny zanany kosa amin'ny taranaka iray hafa.*

*Izay sisan'ny kijeja*. . .*dia nohanin'ny koraika; ary izay* efa *sisan'ny koraika* dia *nohanin'ny valalavao; ary izay* efa *sisan'ny valalavao* dia *nohanin'ny sompanga.*

32 Ary avy eo ao amin'ny andininy faha-25 ka hatramin'ny andininy faha-27, an'ny toko faha-2.

. . .*Izaho no hamerina* ho *anareo ny taona izay* efa *nohanin'ny koraika, ny valalavao, sy ny sompanga*. . . *kijeja* sy sompanga, ny *tafika lehibe izay nalefako teo anivonareo.*

*Ary hihinana betsaka ianareo, ary ho afa-po, ka hidera ny anaran'ny* TOMPO *Andriamanitrareo, izay* efa *nanao fahagagana taminareo: ary tsy ho menatra mandrakizay ny oloko.*

*Dia ho fantatra*reo *fa eo afovoan'ny Isiraely aho, ary izaho no* TOMPO *Andriamanitrareo, fa tsy misy hafa: ary tsy ho menatra mandrakizay ny oloko.*

33 Avy eo ao amin'ny Bokin'ny Romana, ary ao amin'ny toko faha-1-n'ny Romana, ary ny andininy faha-25, izao no vakiako. Isika dia haka ny faha-24, ihany koa.

*Koa izany koa no nanoloran'Andriamanitra azy ho amin'ny* fahalotoana *nohon'ny filàn'ny fony manokana, mba hahafa-boninahitra ny tenany manokana teo amin'ny samy izy:*

*Izay nanova ny fahamarinan'Andriamanitra* ho *lainga,*. . .

34 Ary avy eo ao amin'ny Romana, ny toko faha-3 ary ny andininy faha-4. Ny Romana faha-3, ary ny andininy faha-4, mamaky isika. Ny dingana voalohany an'io andininy faha-4 io.

*Andriamanitra anie handrara:*. . .*aoka Andriamanitra no ho marina,* ary *ny olona rehetra ho mpandainga;*. . .

35 Ankehitriny isika dia tonga amin'ny eritreritra matotra an'ireo lohahevitra eto. Ary ankehitriny isika. . .Mino aho fa ho avy ny fotoana iray an'ny famerenana an'ireo zavatra rehetra izay tsy nety. Ary miezaka isika, miaraka amin'izay rehetra ao anatintsika, ary miezaka ireo olona hafa, tahaka an'ireo evanjelista malaza tahaka an'i Billy Graham sy Oral Roberts, ary ny maro hafa amin'ireo evanjelista miavaka, mpitoriteny, pasitera, izay mahatoky amin'ny toerany, dia miezaka ny hahita fifohazana iray amin'ny androntsika. Ary ianareo, zanak'Andriamanitra, dia mivavaka ho an'ny fifohazana iray amin'ny androntsika. Vavaka aman'aliny no miakatra any amin'Andriamanitra isan'ora, ho an'ny fifohazana iray amin'ny androntsika. Ary voasoratra ao amin'ny Soratra hoe, "Raha ny olona izay nantsoina tamin'Ny Anarako no hanangona ny tenany miaraka, ka hivavaka, dia hihaino Aho any An-

danitra." Ankehitriny, raha manangona ny tenany miaraka ireo zanak'Andriamanitra ka mivavaka ho an'ny fifohazana iray amin'ny androntsika, ary tsy tonga ny fifohazana, amin'izay fotoana izay dia tsy maintsy misy zavatra tsy mety any ho any.

36 Ankehitriny, tsarovy, fa, zavatra tokana ihany no afaka miasa raha miasa araka ny lalàn'io zavatra io ianareo. Ny hery kosmika dia afaka mihetsika fotsiny ihany araka ny lalàna kosmika. Ireo planeta dia afaka mihetsika fotsiny ihany rehefa mihetsika araka ny lalàn'ny planeta izy ireo. Ny masoandro dia afaka miposaka fotsiny ihany araka ny ihodinan'ny tany eo amin'ny masoandro. Ary izany eo, dia, ny zavatra rehetra dia tsy maintsy miasa araka ny lalàn'ny planiny. Satria, Andriamanitra no nanao ny zavatra rehetra, ary nanao lalàna ho an'io zavatra io. Ary noho izany dia tsy maintsy mihodina izy, sy miasa, ary miasa araka ny lalàn'io zavatra io. Tsy hiasa tsara amin'ny fomba hafa izany.

37 Asio rojo eo amin'ny pignon iray, ary avy eo dia apetraho eo ambonin'ny hombo boribory iray izy. Mety ho afaka hahavita mandritry ny fotoana kely iray ianareo. Fa ny fomba tokana izay hany hahavitanareo fotoana tsara amin'io rojo io, dia ny fametrahana pignon iray mitovy amin'ilay pignon ao ambadik'ilay izy, ary avy eo dia mampifanaraka an'ireo lavaka kely ao amin'io rojo io, mifanaraka marina tokoa amin'ilay pignon, amin'izay fotoana izay dia afaka mandeha any ho any ianareo.

38 Ary azoko antoka fa manana pignon ratsy iray isika any ho any. Mihetsika miadana loatra ny fiangonana ho an'ny ora izay iainantsika. Misy zavatra tsy mety ara-pototra mihitsy ao. Ary mety amintsika amin'izao andro izao, amin'ny fahakaikezan'ny Fihavian'ny Tompo, ny hipetraka sy hianatra an'izany ary hijery izay tsy mety, hahita ny antony. Tsy hahita fanefitra iray mihitsy ianareo raha tsy hitanareo ny antony.

39 Raha dokotera iray, raha miditra ao amin'ny biraony ianareo ka manao hoe, "Marary an-doha aho, ary marary ny kiboko," ka omeny aspirine kely iray ianareo, na zavatra iray, ary mandefa anareo izy, dia miezaka hiala aminareo fotsiny izy. Ny tena, dokotera tena izy dia hanadihady an'io tranga io mandrapahitany an'izay taova tsy milamina, avy eo dia miasa avy amin'io taova io.

40 Tahaka an'izany ilay izy amin'ny Fanjakan'Andriamanitra. Tsy maintsy mahita an'izay tsy mety isika, avy eo dia miasa avy amin'izany. Ny Soratra dia tahaka ny taratasim-panafodin'ny dokotera iray.

41 Ny dokotera iray, siantifika izay miasa mafy mba hahita taratasim-panafody iray, ihany koa, ho an'ny—ny famonoana tsimoka anankiray, aretina izay ao amin'ny vatanareo, tahaka ny tazom-pivalanana, na—na aretina iray, ka afaka manome

anareo serôma iray izay hamono an'io tsimoky ny fivalanana io izy ireo, kanefa tsy maintsy karakaraina tena am-pitandremana izany (. . .?. . .), karakaraina tena am-pitandremana, mandrapahatongan'izao hoe: raha tsy ampy an'izany ilay izy, dia tsy hanampy an'ilay marary izany; ary raha misy zavatra hafa ampiana, dia mety hahafaty an'ilay marary izany. Tsy maintsy omen'ilay farmasiana izany, arak'ilay taratasim-panafody.

42 Noho izany, raha misy zavatra tsy mety ao amin'ny fiangonana amin'izao andro izao, ka tsy mandroso araka ny tokony ho izy izany, araka ny hevitro dia tokony hiverina amin'ilay Taratasim-panafody isika, hahita marina tokoa an'izay tsy mety, hoe ity fiangonana ity dia tena marary ka misy aretina ao amin'ny fiangonantsika, aretin'ny fahotana. Noho izany dia tokony hahita an'izay nosoratan'ilay Dokotera isika, ka hahita raha manome antsika an'ilay Taratasim-panafody marina ireo pasiterantsika farmasiana. Ary, tsarovy, afaka manampy zavatra amin'ny Soratra iray tena voahadihady tsara mihitsy ianareo, ary mamono an'ilay marary. Ary angamba, tsy miteny aho hoe manana isika, fa ahoana moa raha nanampy zavatra iray tamin'ny Taratasim-panafodin'Andriamanitra ny sasany amin'ireo farmasianantsika? Raha manampy izy ireo, dia mamono an'ilay marary, ary mamela azy ireo ho faty ao anatin'ny fahotana.

43 "Eny, izany no," hoy ianareo, "eny, raha tso-po izy ireo!" Tsia, tsy fialan-tsiny izany.

44 Lehilahy iray, farmasiana iray, nanome asidra karbôlika lehilahy iray, teto taona vitsy lasa izay, tso-po arak'izay mety naha-izy azy, ary fivarotam-panafody iray voasoratra anarana, fa namono an'ilay lehilahy izany. Kanefa, tso-po izy. Tsy misy. . .Ny fahatsoram-po, efa nahita fahatsoram-po teo anivon'ireo mpanompo sampy aho, izany dia hahatonga ny fahatsoram-po Kristiana ho tahaka ny zavatra tao amin'ireo fitsipika tranainy tany aoriana tany. Nahita mpanompo sampy izay nametraka an'ireo zazakeliny teo am-bavan'ny voay aho, mba hanao an'izany ho fanatitra ho an'ny andriamanitry ny rano iray. Tsy afaka mahita an'izany fahatsoram-po izany aho eo anivon'ireo Kristiana. Nahita olona aho izay nandry teo ambonin'ny tendron-defona. Ary nanapaka ny taolan'ny tongony fony mbola ankizy kely izy ireo; nahita azy ireo naka zazakely sy ankizy kely aho, ary nitetika azy ireo sy nanisy marika azy ireo, ary nampivoa-drà azy ireo, ary indraindray manala ny ain'izy ireo. Fahatsoram-po lalina, saingy diso izy ireo.

45 Ndao isika hahita zavatra iray ankehitriny. Joba, na Joela, raha ny marina, izaho dia na-. . .mihevitra fa nanome antsika fototra lehibe izy teto. Ary izany no tiantsika horaisina ho an'ny famakiana iray. Hoy izy hoe:

> Tenenonareo—teneno *amin'ny zanakareo*. . .*aoka ny zanakareo hiteny amin'ny zanany, ary ny* azy ireo amin'ny anankiray hafa, ary ny sisa, amin'ny *taranaka iray hafa,* izay ho ny Jentilisa. Teneno i Isiraely mba hanohy hiteny an'izany.

46 Ary ankehitriny ity Soratra izay notenenin'i Joela ity dia tanteraka amin'izao andro izao rehefa isika, ireo Jentilisa, no nandray Azy. Hoy izy hoe:

> *Fa* izay efa *sisan'ny kijeja* dia *nohanin'ny* sompanga*;*. . .ny sompanga, ny koraika, sy ny sisa.

47 Ary ireto bibikely ireto, raha manana ny bokinareo momba ny bibikely ianareo, dia hahamarika ianareo fa ireo bibikely efatra samihafa dia bibikely iray ihany ao amin'ny dingana efatra samihafa an'ny fiainany. Isika rehetra dia mahafantatra fa ny—fa ny—ny tranon-dandy iray dia tsy inona fa kijeja iray voafono, ary hahafoy lolo iray izy; ary ny lolo dia kijeja alohan'ny hahafoy azy. Ny kijeja, ny koraika, sy ny sisa, dia iray ihany. Ilay bibikely iray ihany izany. Ankehitriny na inona na inona. . .

48 Henoy tsara ankehitriny. Na inona na inona nitranga tamin'ny voalohany, tamin'ny bibikely kijeja, dia lasa sompanga fotsiny izy, taty aoriana. Ary ilay sompanga dia lasa koraika iray, taty aoriana. Ary na inona na inona nanombohan'izany tany amin'ny voalohany, dia mbola ilay zavatra iray ihany foana no mahatonga ny olana amin'izao andro izao. Ary ndao isika hiverina ao amin'ny Soratra ankehitriny ka hahita an'izay nanomboka.

49 Ankehitriny, fantatsika fa afaka manorina fiangonana iray fotsiny ihany isika, voalohany, eo amin'ny fitaovana izay nomen'Andriamanitra antsika mba hanorenana azy. Izay ihany no ananantsika. Ary mieritreritra aho, taloha. . . Fantatro fa matanjaka Ity, ary eo amin'ny horonam-peo Izany, olona an-jatony manerana an'izao tontolo izao no handre. Fa alohan'ny hany ahafahantsika hanana tranobe an'ny Fiangonan'Andriamanitra, dia tsy maintsy mamerina indray an'ireo zavatra rehetra izay nohanin'ireo bibikely ireo avy tamin'Izany isika. Tsy maintsy miverina isika ary mahita an'izay nohanin'ireo bibikely. Ary eo alohan'ity Voaloboky ny Tompo ity, ilay Voaloboka. . .Izy no Voaloboka; isika no sampana. Ary alohan'ny hany hahitantsika, na ahafahan'ilay Fiangonana hitsangana ao amin'ny heriny ara-endrika sy tany am-boalohany, dia tsy maintsy miverina isika ary hahita an'izay nohanin'ireo bibikely. Ary tsy maintsy haverina ho amin'izany io Fiangonana io, fa raha tsy izany dia tsy hitsangana amin'ny heriny sy ny voninahiny tamin'ny fitsanganany voalohany izy.

50 Raha nesorina tamin'ny hazo iray ny hodi-kazo, dia tsy maintsy mamerina ny hodi-kazo eo aminy indray isika. Ampanirio ilay hodi-kazo, aloha. Tsy afaka hahazo paoma

ianareo raha tsy maniry ilay hodi-kazo. Satria, ny hodi-kazo no làlan'ny tsiron-kazo. Ny tsiron-kazo no tadin'aina.

51 Ary ny Soratra, ny Baiboly Masin'Andriamanitra, no tadin'Aina ho an'ny fiangonana rehetra. Ahoana no mba ahafahantsika hitondra tsiron'aim-boaloboka amin'ny alàlan'ny hodi-kazo aviavy? Tsy hety fotsiny izany. Tsy maintsy manana hodi-kazom-Boaloboka isika. Tsy maintsy manana an'ilay hodi-kazo tany am-boalohany isika. Ary fomba anankiray ihany no ahafahan'io hodi-kazo io hany hiverina eo amin'ilay Voaloboka, dia rehefa Andriamanitra no mampaniry azy, Izy tenany.

52 Tsy afaka manamboatra anankiray isika ka mametraka eo ambonin'izany. Tsy hety izany. Tsy misy tetika nataon'olona hany hety. Hila ny fomban'Andriamanitra izany fa raha tsy izany dia tsy ho velona mihitsy izy. Tsy hety ny tetika nataon'olona. Mety fonosinareo vorodamba iray manodidina an'ilay hazo, ka manao hoe, "Aoka haniry izy." Tsy fandaharan'Andriamanitra ny vorodamba iray. Tsy maintsy ho hodi-kazo ilay izy, tadin'aina, ary rehefa avy any amin'ireo faka izany, dia hamokatra an'ilay aina iray ihany izay nananan'ilay hazo talohan'ny nihinanan'ireo bibikely azy.

53 Tsy mahagaga raha tsy afaka manana asam-panasitranana isika. Tsy mahagaga raha rovitra ireo fiangonana. Tsy mahagaga raha hilaza ny anankiray hoe, "Oh, *ity*, *itsy*, ary ny *hafa*," tena tsy mifanaraka. Tsy mahagaga raha misy an'ireo karazana isma eo anivontsika, dia satria isika tsy afaka mamokatra an'ireo tena voan'ny faharetana, fahari-po, fahatsaram-panahy, fahamoram-panahy, fahalemem-panahy. Notapahana avy tamin'ny Hazo ilay tadin'Aina, ka tsy hampakatra an'izany amin'ny alàlan'ny fanekem-pinoan'ny vorodamba iray mihitsy isika na hodi-kazo hafa solony. Mila ny herin'Andriamanitra Tsitoha ny hampaniry an'io hazo io hiverina amin'ny toerany indray.

54 Tsy nilaza ve Jesosy, ary ny Soratra no nilaza hoe, "Mana-maso fa tsy mahita, manan-tsofina fa tsy mandre"? Tsy afaka manao an'izany fotsiny izy ireo. Ary tsy misy olona afaka manatona an'Andriamanitra, na an'i Kristy, raha tsy Andriamanitra no manambara an'izany aminy.

55 Indray andro aho dia niresaka, ary nieritreritra ny Soratra isika. Hoy aho hoe, "Nahoana ny olona no tsy mety mahita an'Izany?" Hoy aho hoe, "Izao ilay izy," ary sendra nieritreritra aho. Tsy ahoako na mazava toy ny ahoana aza Izany, impiry no ampianaran'ny Soratra an'Izany, tsy afaka hahita an'Izany mihitsy ianareo raha tsy Andriamanitra Izy tenany no maneho an'Izany aminareo; tsy ahoako na mazava toy ny ahoana aza Izany. Ary ny Baiboly manontolo dia miorina, ary ny Fiangonan'Andriamanitra velona manontolo, dia miorina eo ambonin'ny fanambarana ara-panahin'ny Teny. Nahoana i Abela no nanolotra fanatitra tsara kokoa noho i Kaina? Nahoana

i Abela no tsy nanaraka an'i Kaina; izy no nanana fiangonana tsara tarehy indrindra? Fa voambara taminy ilay izy.

56 Rehefa tonga avy teny amin'ny Tendrombohitra Fiovan-tarehy Jesosy, dia hoy izy ireo . . .

"Ataon'ny olona ho iza moa Aho ilay Zanak'olona?"

57 "Hoy ny iray hoe 'Elias,' ary hoy ny iray hoe Ianao no 'ilay mpaminany,' sy ny sisa."

Hoy Izy hoe, "Fa ataonareo ho iza Aho?"

Hoy i Petera hoe, "Ianao no Kristy, ilay Zanak'Andriamanitra velona."

58 Hoy Izy hoe, "Sambatra ianao, ry Simona, zanak'i Jonasy, fa tsy ny nofo aman-drà mihitsy no nanambara an'izany taminao. Tsy nianatra an'izany tamin'ny boky sasany mihitsy ianao, na tamin'ny seminera iray, na tamin'ny toeran'ny tetika nataon'olona. Fa Ny Raiko any An-danitra no nanambara an'izany taminao, ary eo ambonin'ity vatolampy ity no Hanorenako Ny Fiangonako, ka ny vavahadin'ny helo tsy haharesy Azy." Eo ianareo izao, fanambarana ara-panahin'ny Tenin'Andriamanitra.

59 Ao amin'ny Matio 11, mino aho fa izay ilay izy, na 12, ao any ho any, dia voasoratra hoe, izao no voalaza, "Na dia nanao fahagagana maro, sy famantarana maro aza Jesosy hoe Izy no Mesia, dia tsy nety nino an'izany ny olona. Satria hoy Isaia hoe, 'Manana maso izy ireo fa tsy afaka mahita. Manana sofina izy ireo fa tsy afaka mandre.'" Ahoana? Na dia manam-pahaizana aza izy ireo, na dia mpivavaka faratampony aza izy ireo; masina izy ireo, ary tsy misy fahadisoana sy tsy misy tsiny. Raha hita fa diso tendron-tsoratra anankiray izy ireo, dia notoraham-bato, tsy nisy famindrampo. Tsy nisy olona afaka nametraka rantsan-tànana teo amin'izany. Nianatra ny Soratra izy ireo, andro aman'alina, taranaka aorian'ny taranaka, fa mbola nohajambain'Andriamanitra foana ny mason'izy ireo.

Hoy ianareo, "Nanao ve Andriamanitra?" Izany no Nolazainy.

60 Manao an'izay Tiany atao Andriamanitra. Tsy afaka miteny Aminy an'izay hatao isika. Tsy i Paoly ve, ao amin'ny Bokin'ny Romana, ny toko faha-8, no nilaza fa, "Nanangana an'i Farao Andriamanitra ka nanamafy ny fony, nanajamba ny masony, noho io tanjona iray io ihany, dia ny hahatanteraka ny Sitrapony"? Tsy Esao ve? Ary Jakoba . . . Esao, nolavina, talohan'ny hany nahaterahan'ilay zazalahy; notsinotsinoavin'Andriamanitra izy. Hitanareo, izany rehetra izany dia miasa araka ny fifidianana mialoha lehibe an'Andriamanitra. Izy dia tsy Anankiray izay matory. Mahafantatra marina tokoa Izy.

61 Ary isika dia mitsara olona araka ny . . . toa tahaka an'izany, ny fahitsim-pony na ny fahatsoram-pony. Isika dia mitsara an'ireo fiangonana araka ny fivoarany. Mikambana isika, mandray evanjelista isika, satria malaza izy ireo. Tsy izany no Izy.

62 "Ny lanitra sy ny tany ho levona, fa Ny Teniko tsy ho levona mihitsy."

63 Izay sisan'ny kijeja, dia nohanin'ny sompanga. Misy zavatra tsy mety, any ho any, satria ny Tenin'Andriamanitra dia Mandrakizay mihitsy tahaka Azy Mandrakizay. Ary ny Tenin'Andriamanitra dia tsy mety diso tahaka an'Andriamanitra tsy mety diso, Izy tenany. Ankehitriny, misy zavatra tsy mety, any ho any.

64 Noho izany dia ndao hiverina ankehitriny. Ny fototra ankehitriny izay napetratsika. Ndao isika hiverina, raiso ny lahatenintsika an'ny Romana 3:4, "Aoka ny tenin'ny olona rehetra ho lainga, ary ny Tenin'Andriamanitra ho Fahamarinana."

65 Halentiko izany, ary tiako ianareo hihaino. "Aoka ho Andriamanitra, no Fahamarinana." Ndao isika hilahatra amin'izay nolazain'Andriamanitra, tsy mampaninona izay nolazain'ny olon-kafa. Te-hampiasa zavatra efatra samihafa amin'izay hitako ao amin'ny Soratra aho, izay nihinanan'ireo bibikely ireo an'ilay Fiangonan'Andriamanitra velona, ka nanao an'ilay Voalobok'Andriamanitra ho kilemaina, na botry.

66 Hanaiky isika, hanaiky ianareo Metodista, hanaiky ianareo Batista, ianareo Presbyterana, ianareo Pentekotista, ianareo Nazareana, hanaiky ianareo rehetra, manaiky ny tabernakla eto hoe, "Misy zavatra tsy mety eo." Ary isika, ny tabernakla, dia meloka tahaka ny sisa mihitsy, satria, "Izay mahafantatra ny hanao ny tsara, nefa tsy manao an'izany, dia fahotana ho azy izany."

67 Ndao isika hiverina ankehitriny. Ary te-hanome anarana zavatra efatra aho, ara-tSoratra mihitsy arak'izay fantatro, hoe ireo bibikely ireo dia nihinana avy tamin'ilay Fiangonana, nanomboka tamin'ny Toerany voalohany, tany am-boalohany.

68 Ankehitriny, ny zavatra voalohany, ny fiangonana dia naorina tamin'ny Andron'ny Pentekosta. Petera no nitory ny—ny toriteny fanokanana tamin'ny fotoan'ny bakalorea, rehefa teraka ilay Fiangonana. Teraka tamin'ny Andron'ny Pentekosta ilay Fiangonana Kristiana. Ary raha tsy manam-petra Andriamanitra, tsy manam-petra, ary tsy afaka miova, dia tsy maintsy mijanona ho tahaka Azy tany amin'ny voalohany Ny Fiangonany. Manaiky an'izany ve ianareo? Tsy maintsy mijanona ho ilay iray ihany tahaka Azy ilay Fiangonana.

69 Fa ny olona no nanefitefy Azy, nametraka ny fandikany manokana tao anatin'Izany. Aza manandrana mandika ny

Tenin'Andriamanitra mihitsy ianareo. Lazao fotsiny izay Lazainy. Tsy ahoako na toy ny ahoana Izy, noho izany dia milahara fotsiny amin'Izany, izay ihany. Aza manova ny Teny. Ny Baiboly no nilaza, hoe, "Tsy avy amin'ny fandikana manokana ny Soratra." Tsy manana zò hiteny an'ireo zavatra ireo isika; tsy maintsy mamaky Azy fotsiny isika ka milaza marina tokoa tahaka ny Lazainy fotsiny, ary mino Azy tahaka an'izany. Tsy ahoako na toa mahatsikaiky toy ny ahoana aza Izy; inoy Izy, na ahoana na ahoana.

70 Tsy toerana ho an'ny vazivazy ny polipitra. Toerana ho an'ny fahatsoram-po izy. Tsy ho vazivazy no tiako lazaina amin'ity. Ny tiako lazaina amin'ity dia mba hanononana zavatra notenenina tamiko. Voalaza, fa nisy rahalahy antitra mainty hoditra iray tany atsimo, nitondra Baiboly iray, ary naneso azy ny sefony. Hoy izy hoe, "Tsy afaka mamaky Azy ianao; ho an'ny inona no itondranao Azy?"

71 Hoy izy hoe, "Entiko Izy satria mino Azy aho." Antony tsara iray izany. "Tsy afaka mamaky an'Izany aho, saingy fantatro fa misy zavatra ao Anatiny. Marina izany." Hoy izy, "Mino an'ilay 'fonony' eo Ivelany mihitsy aza aho. Izany dia misy hoe 'Baiboly Masina' voasoratra eo aminy. Mino Azy aho."

72 Hoy izy hoe, "Ny zavatra rehetra izay lazain'ny Baiboly hatao, dia heveriko fa hataonao izany?"

73 Hoy izy hoe, "Eny, tompoko. Raha mamaky an'izany ao amin'ny Baiboly ianao, dia hataoko izany raha Didin'Andriamanitra iray ilay izy."

74 Hoy izy hoe, "Noho izany dia ahoana moa raha namaky avy tao amin'io Baiboly io aho, ary niteny taminao fa ny Tompo dia nilaza mba hitsoofohanao ao amin'io rindrina etsy io, io rindrim-bato goavana io? Ahoana marina no mba hitsofohanao ao amin'io rindrim-bato io raha tsy misy lavaka ao anatiny?"

75 Hoy izy hoe, "Raha namaky an'izany avy tao amin'ny Baiboly ianao, ka ny Tompo no niteny tamiko mba hitsofoka, dia Izy no hanao lavaka iray eo rehefa tonga eo aho." Ary marina izany.

76 Andriamanitra no miteny an'izany, tsy mampaninona na toa mahatsikaiky toy ny ahoana aza Izany, mandrosoa eo amin'Izany. Miankina amin'Andriamanitra ny mikarakara ny sisa amin'izany, Raharahany izany. Ny raharahanareo dia ny mandroso.

77 Ankehitriny ny anankiray amin'ireo zavatra voalohany izay tiako resahana aminareo mandritr'ireto minitra vitsy ireto. Rehefa hitantsika fa ilay fototra dia tsy maintsy tany amboalohany, dia tsy maintsy miverina amin'ilay fototra izany, tsy maintsy miverina any amin'izay naha-Voaloboka azy izany. Raha misy zavatra tsy mety amin'izany, ka tsy mandeha tsara ilay Voaloboka, dia ndao isika hiverina ka hahita an'izay tsy mety.

78 Ankehitriny, anankiray amin'ireo zavatra voalohany izay tiako holazaina, dia hoe nisy zavatra niala tamin'ny fiangonantsika, ny anankiray amin'ireo zava-dehibe, dia ny Finoana. Tsy manana Finoana ny olona amin'izao andro izao tahaka ny nananan'izy ireo tamin'izany andro izany. Karazana valalavao iray, amin'ny karazany iray, no niditra ka nihinana an'ilay tadin'Ain'ny Finoana. Novain'izy ireo Izany. Amin'izao andro izao ny finoan'izy ireo dia mitoetra eo ambonin'ny karazana fi—fiangonana anaram-piangonana goavana iray. Fa niteny tamintsika i Joda, ao amin'ny Joda ny andininy faha-3. Izao no voalaza hoe:

> *Ry malala,. . .Efa nanao izay zotom-po rehetra aho hanoratra aminareo ny amin'ny famonjena iombonana, nisy nahatery ahy ny hanoratra ho anareo. . .*(Manana an'Izany eto anoloako aho.)*. . .ary* mba *mananatra anareo mba hiezaha*nareo *mafy hiaro an'ilay finoana* (tsy *ny* finoana; *ilay* Finoana) izay *voatolotra indray mandeha ho an'ireo olo-masina.* (Telo amby telopolo taona talohan'io, no voatolotra io Finoana io.)

79 Ankehitriny, tsy. . .Hoy ny olona hoe, "Oh, mifanohitra amin'ny finoako Izany."

Anankiray ihany ny Finoana. "Tompo anankiray, Finoana anankiray, ary Batisa anankiray." Mety manana *ny* finoana ianareo, fa isika mila an'*ilay* Finoana. *Miezaka mafy,* izany hoe, "miady hevitra," mitsangana, "manohana."

> *. . .miezaka mafy hiaro an'ilay finoana* izay *efa voatolotra indray mandeha* ho *an'ireo olo-masina.*

80 Oviana izy ireo no nantsoina hoe olo-masina? Rehefa nohamasinina izy ireo. Ny Fanahy Masina no nanamasina azy ireo. Nantsoina hoe olo-masina izy ireo. Ary ankehitriny dia hoy Joda, rahalahy iray, rahalahy mpitaiza an'i Jesosy, "Tiako ianareo hiezaka mafy hiaro an'ilay Finoana izay efa voatolotra indray mandeha an'ireo olo-masina. Aza avela hilatsaka mihitsy io Finoana io."

81 Ary ny Finoan'ireo olo-masina dia tsy tao amin'ny fanekem-pinoana, tsy tao amin'ireo anaram-piangonana, tsy tao amin'ny tranobem-piangonana, tsy tao amin'ireo fikambanana, fa tao amin'ny Fanatrehan'Andriamanitra velona izany. Nanana Finoana hanasitrana ny marary izy ireo, handroaka devoly, hanao fahagagana. Ireo teny fikasana lehibe rehetra izay nataon'i Jesosy, io fiangonana voalohany io dia nifikitra teo amin'Izany. Izany ilay tadin'Aina.

82 Henoy eto. Henoy tsara izay tiako tenenina aminareo. Ny Fanatrehana mandrakariva an'ilay Andriamanitra velona no tadin'Ain'ny fiangonana rehetra na vondron'olona rehetra, ny Fanatrehana mandrakariva an'ilay Andriamanitra velona mba hanatanteraka, sy hanao, sy hihetsika, ary hiaina miaraka

amin'ny olona tahaka ny Nataony tany amin'ny voalohany. Raha ny Fanatrehan'ilay Andriamanitra velona no nitondra pentekosta iray niaraka tamin'ny hery, niaraka tamin'ny famantarana, niaraka tamin'ny fahagagana, nitondra vahoaka iray feno ny Voninahitr'Andriamanitra hany ka nihiakiaka izy ireo sy niteny tamin'ny fiteny hafa, ary nandeha ka lasa maritiora ho an'ilay Finoana, dia ndao isika hiezaka mafy ho an'izany Finoana izany mandra-panafaky ny fahafatesana antsika. Miezaka mafy ho an'Izany. Tsy hanao marimaritra iraisana isika, amin'ny famakiana boky, fandraisana teolojia iray nataon'olona. Tsy hanao marimaritra iraisana isika, amin'ny fanekem-pinoana sasany na bokim-bavaka sasany, na zavatra iray izay nolazain'ny olon-kafa.

Ny finoako dia tsy miorina afa-tsy
Eo amin'ny Ràn'i Jesosy miaraka amin'ny fahamarinana;
Mirodana ny rehetra manodidina ny fanahiko,
Dia Izy no fanantenako sy tohako rehetra.

Satria eo amin'i Kristy, ilay Vatolampy mafy, no ijoroako;
Ny tany hafa rehetra dia fasika miletsy.

83 Tsy misy fanekem-pinoana afa-tsy Kristy, tsy misy lalàna afa-tsy fitiavana, ary tsy misy boky afa-tsy ny Baiboly. Tsy misy bokim-panekem-pinoana! Ny Baiboly no tsy maintsy milaza azy. Ny Baiboly dia tsy hoe tsy maintsy milaza an'Izany fotsiny, fa milaza an'Izany mitovy amin'ny fotoana rehetra, tsy maintsy milaza an'Izany manomboka amin'ny Genesisy ka hatramin'ny Apokalypsy. Tsy maintsy miditra ao amin'ny tambazotra kely tsirairay izany, ary voatenona ao amin'ny ampahany tsirairay an'ny Teny. Raha tsy izany, amin'izay fotoana izay dia manana fandikana diso an'Izany aho, satria tsy afaka hanohitra Ny Teniny Manokana Andriamanitra. Raha tsy milaza an'ilay zavatra iray ihany Izy amin'ny hoza-java-maniry kely tsirairay!

84 Raha ity lobaka eto ity, voatenona tamin'ilay hoza-java-maniry iray ihany izy, izany no manao azy an'izay maha-izy azy. Izany no manao azy ho fotsy.

85 Izany ilay Fiangonana. Raha ho Fiangonana fotsy iray izy, nateraka indray, tsy misy pentina, tsy misy fikentronana, dia tsy maintsy voatenona amin'ny karazana hoza-java-maniry iray ihany izay nanombohany izy, tamin'ny Andron'ny Pentekosta, fahatsapan'ny Fanahy Masina, nandoro sy nanenona. Tsy afaka manampy tapa-damba lò iray ianareo. Tsy afaka manampy tapa-gony iray amin'izany ianareo. Tsy hety izany. Hanimba azy izany.

86 Karazana valalavao antitra kely iray no niditra ka nihinana an'io Finoana io. Mitsangana izy ireo ka manao hoe, "Mino

ny fiangonana masina aho. Ny fiangonana masina Katolika Romana, no inoako."

87 Izaho mino an'i Jesosy Kristy, ilay Zanak'Andriamanitra. Mino aho fa Izy no tsy miova omaly, anio, ary mandrakizay, ary ny Finoana sy ny Herin'ny Fitsanganany no velona ato anatiko androany. Satria velona Izy, dia velona koa aho. Tsy nohon'ny fanekem-pinoana iray, tsy nohon'ny anaram-piangonana iray; fa satria velona Kristy. Ary ao amin'i Kristy aho, velona amin'ny Alàlany aho, ary miaraka Aminy, ary miaina amin'ny Alàlany aho. Ary Ny Fiainany Izy tenany no mitsiratsiraka manerana ahy. Raha tsy izany Izy, amin'izay fotoana izay dia tsy afaka hiantso hoe Azy aho. Tsy maka ny lohako fotsiny Izy; Alainy ny foko, ny fihetsiko, ny zavatro rehetra, ary manenona ny Tenany ao anatin'izany.

88 Izy no manenona ny Tenany ao amin'ny Teny. Ny Teny dia tsy afaka milaza zavatra iray, amin'ny toerana iray, ary zavatra hafa amin'ity toerana hafa ity. Ary fantatro fa voasoratra tahaka an'izany Izy. Voasoratra tahaka an'izany Izy ho an'ny tanjona iray. Jesosy no niteny an'izany, ary nisaotra an'Andriamanitra, fa Izy—Izy dia "nanafina an'izany tamin'ny mason'ny hendry sy ny manan-tsaina, ary nanambara an'izany tamin'ireo zaza izay hianatra." Izany no tanjon'Andriamanitra amin'ny fanaovana an'izany. Izy . . .

89 Nahoana no Navelany ho tonga ny mpanota iray? Tsy maintsy Navelany ho tonga ny mpanota iray, ho an'ny tanjona hoe Izy no Mpamonjy. Lehibe noho ny fahotana Izy. Izy . . . raha tsy nisy ny fahotana, dia tsy ho namela an'i Satana hanao an'ilay fahotana voalohany Izy. Fa ny antony namoronan'i Satana ny fahotana voalohany, na namadika ny fahamarinana, ho fahotana, ny antony nanaovany an'izany, dia mba ahafahan'Andriamanitra ho Mpamonjy iray. Navelany harary ny olona, satria Mpanasitrana iray Izy. Ary tsy maintsy ho marina Izy, ary tsy maintsy mametraka an'ilay Hazon'Aina sy ilay hazon'ny fahafatesana eo anatrehan'ny olona tsirairay Izy, tahaka ny Nataony tamin'i Adama sy i Eva, raha tsy izany dia nanao ratsy Izy rehefa nametraka an'izany teo anatrehan'i Adama sy i Eva. Miankina aminareo izany ankehitriny.

90 Mariho ankehitriny ny Finoana, ilay Finoana marina, ilay tena Finoana, "ilay Finoana." Ankehitriny dia alaivo ny fiangonantsika ankehitriny, jereo isika, jereo ny olontsika Pentekotista, jereo ny olontsika Batista, ireo Presbyteranantsika, Nazareana, Mpivahinin'ny Fahamasinana, ary ny Branham Tabernacle, isika rehetra, meloka isika, tsy miezaka mafy miaro an'io Finoana io.

91 Mety miseho ny fifamaliana kely ato am-piangonana, ato amin'ny Branham Tabernacle. Ato an-trano aho. Afaka miresaka mikasika anareo aho ankehitriny. Ary hamorona

fivakisana kely izy ireo, ary ny iray lasa eo amin'ny ilany iray ary ny iray amin'ny ilay hafa. Izany ve no miezaka mafy miaro an'ilay Finoana izay voatolotra indray mandeha ho an'ireo olo-masina? Mitovy amin'ilay Foto-pampianarana apostolika ve izany? Tsia, tompoko, rahalahy. Nanana tranga iray an'i Ananiasy sy Safira izy ireo. Andriamanitra dia mbola ilay Andriamanitra tsy miova foana. Ary hitantsika fa voaporofo izany. Tsy miezaka mafy.

92 Mandeha ny olona amin'izao andro izao ka manao hoe, "Eny, tsy mampianatra an'ireo fahagagana ny finoako. Izy ireo dia mampianatra fa efa lasa ireo andron'ny fahagagana." Noho izany dia tsy miezaka mafy miaro an'ilay Finoana izay voatolotra indray mandeha ho an'ireo olo-masina ianareo.

93 [Elanelana tsy voaraki-peo—Mpand.] . . . andian'ny fanatisma, ny tenako. Saingy mino aho fa tena misy, fanomezam-pahasoavan'ny Fanahy Masina tena izy, ary miezaka mafy miaro an'Izany isika. Marina izany. Mino an'Izany isika. Miteny amin'ny fiteny tsy fantatra ireo olo-masina.

94 Hoy izy ireo hoe, "Tsy mino ny fanasitranana avy amin'Andriamanitra aho." Izaho tsy mino andiana fanatisma iray. Fa isika dia tena mino fa misy Andriamanitra iray, hoe manasitrana ny marary Izy, hoe Izy no tsy miova omaly, anio, ary mandrakizay.

95 Efa nahita betsaka aho nantsoina hoe fahaiza-mamantatra, tsy mino aho. Fa fantatro fa tena misy marina tokoa ny Fanahin'Andriamanitra iray mamantatra, ny fanomezam-pahasoavan'ny fahalalana, izay miantso sy miteny, ary tanteraka Izany isan'andro. Isika dia miezaka mafy miaro an'Izany, ilay Finoana izay voatolotra indray mandeha ho an'ireo olo-masina.

96 Fantatro fa misy ny nofy, ary kibo vokin'ny—ny hena vaovao, na feno zavatra hafa, izay mahatonga anareo hanofy ratsy. Mitsambikina ianareo ary miantso an'izany hoe fahitana iray.

97 Misy ny tena, fahitana tena izy avy amin'Andriamanitra. Marina! Andriamanitra no nampanantena an'izany. "Jesosy Kristy tsy miova omaly, anio, ary mandrakizay." Manao an'izany Izy, ary tsy diso mihitsy izany. Hoy ny Baiboly hoe, "Raha misy anankiray eo anivonareo, izay ara-panahy, na mpaminany, dia avelao izy hiteny; ka izay lazainy, raha miseho izany, amin'izay fotoana izay dia henoy izy, satria Izaho no momba azy. Raha tsy izany, dia aza mihaino azy, satria mpaminany sandoka iray izy." Tsy afaka mandainga Andriamanitra. Andriamanitra dia miteny ny fahamarinana, amin'ny fotoana rehetra. Ho tanteraka anie izany. Ankehitriny dia hitantsika fa marina izany. Misy ireo zavatra izay . . .

98 Jereo i Paoly, rehefa tany tamin'io alina io, lasa ny fanantenana rehetra, nihomehy tamin'ny hafaliana miharihary rehetra ny devoly, nampangilatra ny nifiny isaky ny miakatra

ireo onja ary mamely ny tselatra, "Halentiko eto io apostoly io," sambo kely tranainy, feno rano. Ary andro sy andro, efatra ambin'ny folo andro sy alina, tsy namiratra mihitsy akory aza ireo kintana; ary ahoana fa nihilangilana io sambo tranainy kely io. Nandehandeha izy, nitaritarika rojo iray taoriany, nohon'ny fitoriana ny Filazantsara. Haleloia!

99 Nefa isika tsy afaka hamela na iza na iza akory aza hiresaka amintsika fandrao hipoaka tahaka ny sahobakaka mihinana balam-basy isika. Manao hadalana foana isika mikasika zavatra iray. Nefa avy eo ve dia milaza fa miezaka mafy miaro an'ilay Finoana isika? Mila hahitsy tanteraka ny Branham Tabernacle, aloha, toy izany koa ireo Pentekotista, sy ireo Batista, ary ireo Nazareana. Izany no antony tsy mahalasa antsika na aiza na aiza, tsy mahitsy fo sy tso-po isika. Efa nifanatrika tamin'io Zavatra io mihitsy isika, izay manao antsika tsy azo hetsehina, nandroso betsaka tao amin'Andriamanitra isan'andro, ilay Finoana izay efa voatolotra indray mandeha ho an'ireo olo-masina.

100 Miditra ilay sompanga antitra, ary ny valalavao, ka mihinana azy. "Efa lasa ireo andron'ny fahagagana rehetra. Tsy mila manao an'*Ity* ianareo. Tsy mila manao an'*Itsy* ianareo."

101 Raha namoaka ny Sampany voalohany avy tao amin'io Voaloboka io Andriamanitra, dia sampana pentekotista iray, manana hery, fahitana, fanambarana, fanasitranana, fanamasinana, Fanahy Masina, ny sampana manaraka dia ho ilay zavatra iray ihany. Ho izany tokoa. Izany isaky. . . isaky ny mitondra sampana iray io Voaloboka io, dia hitovy marina tokoa amin'ilay anankiray tany amin'ny voalohany izany. Ianareo. . . Araka ny nolazaiko omaly hariva, niresaka tamin'ny andiandrahalahy iray hoe: tsy afaka hanao voaloboka hamokatra voatavo ianareo. Tsy afaka hanao voatavo hamokatra voaloboka ianareo. Marina izany. Ilay izy dia izay aina ao anatin'io voaloboka io, dia izany no vokariny.

102 Ary raha Kristy no ao anatin'io Voaloboka io, ary ny Ain'i Kristy no ao anatin'io olona io, dia ho tahaka an'i Jesosy izy, hamokatra ny Voany izy. Ny Fanahiny izany. Tsy afaka manao na inona na inona hafa afa-tsy ny manao an'izany Izy. Tsy maintsy mamokatra an'io Aina io Izy, satria ilay Aina iray ihany izany. Tsy afaka mamokatra zavatra hafa fotsiny ianareo. Hihetsika tahaka Azy Izany. Hiresaka tahaka Azy Izany. Handeha tahaka Azy Izany. Hanasitrana tahaka Azy Izany. Hahita fahitana tahaka Azy Izany. Izany dia hamokatra Ny Fiainany marina tokoa, tanteraka tokoa, isan'andro, satria Ny Fiainany Izany.

103 Akora iray fotsiny ianareo. Ny olona dia tahaka ny fantsondrano iray fotsiny. Tsy izy no Rano; fantsona fotsiny izy. Esory avy aminy ny Rano, ho harafesina izy. Eny, izany no olana amin'izao andro izao. Maro loatra amintsika no harafesina, izay

efa nanana fahatsapana iray fahiny. Avelao hikoriana ny Rano, izany no mihazona an'ilay tadin'Aina handeha.

104 Nandre lehilahy iray nitory teny aho indray mandeha, nilaza fa nisy kisoavavy iray tao anaty fotaka, izay manao ny rano hamotaka tanteraka. Ny zavatra tsara indrindra . . . Miresaka mikasika an'izany ny Baiboly. Esory avy ao amin'ilay fotaka ilay kisoa. Midina eto ianareo, loharano tsara iray, ary midina eto any ho any miaraka amin'ireo loharano lehibe miboiboika, any antendrombohitra; mamotaka tanteraka ny rano, tsaratsara kokoa aminareo ny manala an'ilay kisoa avy ao, mba hadio ilay rano.

105 Betsaka ny zavatra tokony havoakantsika, alohan'ny hany hivoahan'ireo Rano avy amin'ilay Loharano feno Rà nosintonina avy tamin'ny làlan-dràn'Imanoela, ka ny mpanota niroboka tao ambanin'ilay riaka dia nahavery ny pentimpentin'ny fahadisoany rehetra, ireo tsy firaikany sy firesadresany, sy ny sisa.

106 Mpitoriteny enina ambin'ny folo, satria izy ireo dia mino . . . Nihevitra izy ireo fa izaho dia nino hoe nitandrina Ny Fiangonany Andriamanitra ary nitahiry Ny Fiangonany. Hoy ny Soratra hoe, "Izay mandre Ny Teniko," tsy hoe izay mody mandre an'Izany. Izany ilay anankiray izay nampahiratan'Andriamanitra ny masony sy ny sofiny, mba handre. Tsy misy olona afaka manao an'izany raha tsy Andriamanitra no manokatra ny masony sy ny sofiny. "Izay mandre Ny Teniko ka mino Izay naniraka Ahy, no manana Fiainana mandrakizay, ka tsy ho tonga amin'ny Fitsarana mihitsy, fa efa tafafindra avy tamin'ny fahafatesana ho amin'ny Fiainana." Inona no hitranga aminy? Nandainga ve Andriamanitra sa niteny ny Fahamarinana Izy?

107 Marina ve ny olona, sa, "Oh, afaka mandray ny Fanahy Masina ianareo ka ho voavonjy, ary rahampitso dia mety ho very ianareo ka handeha any amin'ny helo"? Aza mino an'izany hadalana izany mihitsy ianareo. Lainga izany.

108 Raha hany nateraka indray ianareo, dia namboarina ho hafa ny natioranareo manontolo. Raha hany nambolena tao amin'i Kristy ny olona iray, ka nitandrina ny Ain'ilay Voaloboka, mikoriana manerana azy, dia tsy hamokatra voatavo intsony mihitsy izy. Mety mamatotra anankiray eo aminy ianareo, saingy fantany fa misy zavatra tsy mety eo. Hipetraka eo izy ary hitoloko mandra-pialan'izany aminy. Mavesatra loatra izany ho azy; mampiondrika azy akaiky loatra amin'ny tany. Te-hitombo izy. Tsy afaka manantona voatavo iray eo amin'ny Voaloboka iray ianareo.

109 Mariho. Oh! "Miezaka miaro an'ilay Finoana" izany dia, "miezaka mafy." Tsy miezaka fotsiny, fa, "miezaka mafy," eo anelanelan'ny Fiainana sy ny fahafatesana. Handeha eo

amin'ny anankiray hafa isika. Afaka mijanona ela be eo amin'io anankiray io ianareo.

110 Ny zavatra manaraka izay tiantsika ho lazaina, dia, nohanina niala tamin'ilay voaloboka ny fitiavan'ny mpirahalahy. Fitiavan'ny mpirahalahy! Hoy Jesosy hoe, "Izany no hahafantaran'ny olona rehetra fa Mpianatro ianareo, rehefa manana fitiavana ianareo, ny iray amin'ny hafa."

111 Eny, ndao isika haka ohatra iray fotsiny ankehitriny. Raha tsy mino an'ilay iray ihany izay inoako ny olona iray, dia hiditra ao amin'ny fiangonany mihitsy aho ka hitory teny miaraka aminy, hitory fotsiny an'izay inoany, ary handroso avy hatrany ka hamela an'izany handeha, satria tiako izy. Amin'ny voany no ahafantaranareo azy ireo. Raha tsy mino an'Izany izy ireo, ary tsy manana fitiavan'ny mpirahalahy, dia miala izy ireo, tsy mifanaraka, mihemotra, "Tsy hisy hidirako ny amin'Izany." Nahoana ianareo no tsy manatona ahy ka miresaka amiko mikasika an'Izany? Tsy fantatrareo izay inoako. Hitanareo? Inona ny fahasamihafana ataon'izany, na ahoana na ahoana, an'izay inoako? Ilay izy dia Iza no inoako: Jesosy Kristy. Tsy namela fivoriana iray mihitsy aho, tsy mbola, niaraka tamin'ny tsiro ratsy, araka ny fantatro. Fa, hitanareo, efa nesorina tanteraka ny fitiavan'ny mpirahalahy.

112 Ary hitan'i Paoly izany, Korintiana Voalohany 13, hoy izy hoe, "Aoka haharitra ny fitiavan'ny mpirahalahy." Fa nesorina ny fitiavan'ny mpirahalahy. Diniho ankehitriny. Isaky ny . . .

113 Ankehitriny, henoy tsara ankehitriny, hiditra ao amin'ireo sakafo matanjaka isika. Isaky ny manaisotra zavatra avy amin'ilay hazo ny devoly, hataontsika hoe ilay hodi-kazo, mihinana ny hodi-kazo ilay bibikely, dia asiany vorodamba tonta iray nataon'olona manodidina azy, mba haka ny Toerany. Mametraka vorodamba iray manodidina an'ilay tadin-tsiron-kazon'ny hazo iray, tsy hampakatra an'ilay tsiron-kazo hatrany amin'ireo voan'ilay hazo izany. Tsy hamokatra voa izy. Hiverina hilatsaka amin'ny tany avy hatrany izany. Ary izany no antony, amin'izao andro izao, tsy ahafahantsika manana fifohazana amin'ny androntsika, dia be loatra ny dogma nataon'olona. Tsy handalo eo amin'ny vorodamba tonta iray ilay tadin'Aina. Hidina Izy, hilatsaka avy hatrany hiverina amin'ny tany ny Aina. Izany no antony tsy mampahomby an'ireo fifohazantsika.

114 Araka ny nolazain'i Billy Graham indray andro, tany Angletera izy, izay nanaovany fifohazana lehibe iray. Ary ilay tena toerana izay nitoriany teny mihitsy, tsy maintsy naka ny vadiny niala teo amin'ireo zaridaina izy satria ireo lehilahy sy vehivavy dia niaina tamin'ny fitondrantena ratsy tao anatin'ireo zaridaina mihitsy. Inona ny olana? Vorodamba nataon'olona ho solon'ny hodi-kazo nampanirian'Andriamanitra. Tsy hitondra ny Aina izany.

115 Ny fiangonana iray izay voafono manodidina amin'ny fanekem-pinoana iray nataon'olombelona, dia tsy handefa ny Herin'Andriamanitra hatrany amin'ireo sampana. Hilaza izy hoe, "Efa lasa ireo andron'ny fahagagana," ary mandatsaka an'Izany tanteraka amin'ny tany. Amena. Fantatro fa mihevitra ianareo hoe adala aho; fa, raha izany aho, dia avelao aho hipetraka tsara, mahatsapa ho tsara aho tahaka an'izany. Hitanareo? Handatsaka ny Tenin'Andriamanitra izany.

116 Raha hoy Andriamanitra eto hoe, "Izaho no Tompo. Tsy miova mihitsy Aho."

117 "Eny, niova Izy amin'izao andro izao," hoy ilay vorodamba. Mandatsaka an'Izany. Nefa izany dia nanomboka tamin'ny taona tany aloha, fony tsy nanana anaram-piangonana izy ireo, fa ny olona no niezaka namerina ny firahalahiana tamin'ny alàlan'ireo anaram-piangonana. Nesorina ny fitiavan'ny mpirahalahy noho ireo anaram-piangonana.

118 Asehoy ahy indray mandeha izay mba nananan'Andriamanitra rafi-pandaminana iray na anaram-piangonana iray, ary hany nanaovany Ny Fiangonany ho anaram-piangonana iray, na hany nisy anaram-piangonana iray izay hany nitsangana ka tsy nianjera ary tsy nitsangana intsony indray. Ankehitriny, efa namaky aho hatramin'ny nahatongavako avy tany, teo amin'ity tena lohahevitra ity. Novakiako ny *Foxe Book Of The Martyrs*. Novakiako ny soratr'i Josephus fahiny. Novakiako ny *Two Babylons* an'i Hislop. Novakiako ireo *Taona Voalohany* an'i Pember, oh, sy ireo *Nicene Fathers*, ary talohan'ny Fivoriambe Niseana mihitsy, taorian'ny Pentekosta. Fa tsy mbola nisy anaram-piangonana iray mihitsy izay hany notendren'Andriamanitra ao amin'ny Baiboly. Noho izany rehefa nanendry sy nanao anaram-piangonana isika, dia niala tamin'ny sitrapon'Andriamanitra.

119 Valalavao iray, antsoina hoe "anaram-piangonana," no nihinana an'ilay hodi-kazon'ny fitiavan'ny mpirahalahy tany am-boalohany, ary nanao an'izany ho anaram-piangonana, tamin'ny fametrahana vorodamba iray manodidina azy. Ary ny Ain'Andriamanitra dia miakatra avy hatrany amin'ny alàlan'ireo faka eto, ny Faka sy ny Solofon'i Davida, rehefa manomboka miakatra amin'ny alàlan'ny Fanahy Masina Izy; noho izany dia hoy ny anaram-piangonana hoe, "Efa lasa ireo andron'ny fahagagana. Tsy mila miteny amin'ny fiteny tsy fantatra ianareo amin'izao andro izao. Tsy misy izany karazan-javatra toy ny hoe ny batisan'ny Fanahy Masina izany. Tsy misy ny fanasitranana avy amin'Andriamanitra. Ho an'ny taona iray efa lasa izany. Efa lasa izany, efa ela izay." Ary indro ireo sampana eto, izay mijaly, ireo voa.

120 Ny hazo tsara iray, salama dia tsy mila fafazana. Nahoana isika no mamafy hatrany sy hatrany ary hatrany, nohon'ny

aretin'ireo olitra? Nahoana isika no manao an'izany? Satria tsy salama ilay hazo. Inona no olana tsy maha-salama azy? Ireo fanekem-pinoana sy ny anaram-piangonana no nihinana an'ilay tadin'Aina teo aminy. Tanteraka tokoa! Metodista, Batista, Presbyterana, Pentekotista, no mihinana an'ilay tadin'Aina teo amin'ilay hazo, miezaka ny hanolo anaram-piangonana iray, mba hampidirana ny olona rehetra eo ambanin'ny politika. Tsy tian'Andriamanitra isika hikambana miaraka eo ambanin'ireo politika sy fanekem-pinoana. Mikambana miaraka amin'ny alàlan'ny Fanahy Masina isika, ilay an'Andriamanitra tany am-boalohany, manongotra ny fahotan'ny fontsika, ka manao antsika rehetra ho iray ao amin'i Kristy Jesosy. Marina izany, ry rahalahiko. Marina izany, ry anabaviko.

121 Izany dia nanomboka tamin'ireo taona voalohany taorian'ny nahafatesan'i Kristy, sy ny fitsanganana, taorian'ny nahafatesan'ireo apostoly. Telonjato taona taty aoriana, dia nampiditra ny Fivoriambe Niseana izy ireo. Tamin'izany no nanaovan'izy ireo an'ilay rafi-pandaminana voalohany, dia ny fiangonana Katolika. Midika hoe, *katolika* dia midika hoe "maneran-tany." Avy amin'ny Katolika, ilay fiangonana no nivoahan'i Luther; avy amin'i Luther, no nivoahan'i Wesley; avy amin'i Wesley, no nivoahan'ny Pentekosta. Ny midina rehetra, ireo sampana kely—kely manodidina, ireo kely hafa, ohatra, oh, Nazareana, Mpivahinin'ny Fahamasinana, sy ny sisa, Batista, sy io rehetra io. Nivoaka avy tamin'izany izy rehetra ireo, ny rehetra ao amin'ireo tsikombakomba iray ihany mihitsy, anaram-piangonana. Rehefa manome fitahiana iray ho an'ny fiangonana iray Andriamanitra, na vondron'olona iray, dia haingana no ananganan'izy ireo fefy kely manodidina an'izany, ary eo no andraisan'izy ireo ny toerany. Andriamanitra dia tehandrava ny fefy tsirairay.

122 Tsaroako rehefa nandeha voalohany tany Andrefana aho. Fotoan'ny fiasana tany izany, Kansas, ary namboly vary tao anatiny. Nahita an'ireo cowboy antitra aho izay tsy nahafantatra na inona na inona momba ny traktera na—na inona na inona, na fambolena vary. Ny hany fantatr'izy ireo dia ny miandry biby fiompy. Ary nandeha nitondra fiara izahay, ary nametraka kianjan'ny golf, ary nanao an'ireny pataloha kely tranainy hatreo amin'ny lohalika ireny izay nanaovan'izy ireo taloha mba hilalaovana golf, sy io karazan-javatra rehetra tahaka an'izany io. Hitako ireo lehilahy antitra ireo niaraka tamin'ny volo lava, fotsy nihantona teo ambanin'ny satrony, nahita azy ireo mitondra an'ireo mpamatotra sy mpamboly vary, ary ny karazan-javatra tahaka an'izany, mandraikitra ny tongony eo amin'ny lasely, ary mampidina ny satrony. Mametraka fefy manodidina an'ilay toerana; tsy afaka nahatanty an'izany izy. Tsy nahafantatra na inona na inona mikasika ny hoe voafefy izy. Teo amin'ny tany malalaka izy, Andriamanitra sy ny tenany.

Ireo volo fotsy nihantona eo ambanin'ny satrony tahaka an'izao; nitomany, ireo ranomaso. Nisintona an'izany nidina fotsiny, nanao hoe, "Tsy afaka mahatanty an'ireo zavatra ireo aho." Nitaingina nankany amin'ny filentehan'ny masoandro.

123 Andriamanitra anie hanampy antsika amin'izao andro izao mba hanana mpivahiny izay tsy hahatanty ny ho voafefin'ny anaram-piangonana sy fanekem-pinoana, ary mitaingina mankany amin'ny filentehan'ny masoandro; miaraka amin'ny Finoana iray tsy azo hozongozonina, izay nomena indray mandeha ho an'ireo olo-masina; miaraka amin'ny fitiavan'ny mpirahalahy izay mandrava ny fanekem-pinoana sy ny fefy rehetra, ary manao hoe, "Mpirahalahy isika. Iray isika ao amin'i Kristy Jesosy. Na inona na inona lazain'Andriamanitra, dia manao 'amena' isika aorian'Izany." Omeo anay izany karazana lehilahy izany.

124 Hia, fanekem-pinoana! Avy eo izy ireo dia namorona an'izay antsoin'izy ireo hoe ny—ny Mopera Talohan'i Nise. Niara-nivory izy ireo, tao amin'izany no nanaovany filan-kevitra iray. Tao amin'ilay filan-kevitra no foy ny fiangonana Katolika, izay midika hoe "ilay fiangonana maneran-tany," namotika an'ireo fiangonana kely rehetra nanodidina izay nifanarahan'Andriamanitra, ary nanery azy ireo ho fiangonana anankiray sy fivavahana anankiray.

125 Nametraka omby iray izy ireo teo amin'ny sandriny iray, omby teo amin'ilay hafa, nanantona lakroa iray teo anoloan'ny olona iray, niteny taminy hoe "orohy izy fa raha tsy izany . . . ary miankohofa, mba handray ny fivavahana Katolika," fa raha tsy izany dia hampandeha omby anankiray amin'ny làlana iray izy ireo, ary ilay anankiray any amin'ny hafa, ka hisintona azy hisaraka. Naka vehivavy iray ary naka ny volony ka nametraka an'izany tao anaty barikan-godorao, ary nanontany azy raha hanoroka an'io lakroa io izy; na hanao izy an'izany, ka hiankohoka amin'ny fivavahana Katolika, na hampirehetin'izy ireo eo amin'ny lohany ilay volo ka handoro azy. Nametraka azy ireo teo amin'ny tsato-kazo sy ny zavatra hafa rehetra. Nampiditra azy ireo tao amin'izay antsoin'izy ireo hoe vehivavy vy, nanery an'ireo tsatòka, niezaka mba hanao azy ireo hanoroka an'ilay lakroa, manaiky an'izay antsoin'izy ireo hoe "fivavahana Kristiana," ary mitoto azy ireo ao anatin'ny vovoka mihitsy.

126 Nitsangana teo ireo maritiora tsy nipi-maso. Fantany izay nitsanganany. Fantany hoe Iza no ninoany. Afaka izy, nahafantatra an'Ity, hoe Andriamanitra dia afaka hanangana azy amin'ny andro farany, satria Izy no nampanantena an'izany. Alohan'ny hiankohofany eo amin'ny tsiron-kazon'ain'ny vorodamba tranainy maloto, nataon'olona, dia ho faty eo amin'ilay vodihazo izy. Haleloia!

127 Avelao aho ho faty eo amin'ilay toerana iray ihany. Raha

tsy tonga ao amin'ny taranako ny Andriamanitro, dia ho faty eo amin'ilay vodihazo izay ihinanan'ireo valalavao azy aho, mino fa Jesosy Kristy sy Ny Fiangonany ary Ny Teniny dia tsy miova omaly, anio, ary mandrakizay. Mety tsy ho afaka hamokatra azy aho, ao amin'ireo sampana rehetra ireo, satria ilay tadin-tsiron-kazo tranainy eto, an'ny anaram-piangonana sy fanekem-pinoana, no nanaisotra ahy ka nandatsaka ahy tahaka ny ovy mahamay iray. Mety ho marina izany. Saingy hitsangana mahatoky eo amin'ilay vodihazo aho ka hiantsoantso, hoe, "Ho avy ny ora, hamerina Ny Fiangonany Andriamanitra, hatrany amin'ny Toerany voalohany."

128 Mety handratra ity. Zavatra fahatelo. Tsy tiako handratra izany. Diniho ny iray amin'ireo tadin-tsiron-kazo lehibe izay notapahan'izy ireo. Ary nandritra io vanim-potoan'ny rafi-pandaminana io, dia izany no nanintsana an'ilay tadin-tsiron-kazo, eo am-panombohana. Voalohany, raha nanana ny fitiavan'ny mpirahalahy izy ireo teo anivon'ny tsirairay, dia tsy ho nila rafi-pandaminana iray mihitsy izy ireo. Ary avy eo rehefa nahita izy ireo fa tsy afaka hanana izy ireo . . . Tsy hanana fitiavan'ny mpirahalahy izy ireo, na nihevitra izy ireo fa tsy hanana. "Izay miandry ny Tompo dia hanavao ny heriny." Raha tokony nandray ny Tenin'Andriamanitra izy ireo, dia nanana rafi-pandaminana iray.

129 Nivoaka avy tao amin'io rafi-pandaminana io i Luther. Dimampolo sy dimanjato taona taty aoriana, nivoaka. Inona no nataony? Nihodina avy hatrany, nanao an'ilay zavatra iray ihany izay nataon'izy ireo. Avy tao amin'izany avy hatrany no tonga i Calvin. Avy tao amin'izany avy hatrany no tonga i Wesley. Avy tao amin'i Wesley avy hatrany no tonga ireo Batista, Presbyterana, midina hatrany amin'ny Pentekotista. Ary ireo Pentekotista, taorian'ny Nazareana no tonga ny Pentekotista. Ary aorian'ny Pentekotista, dia ho inona? Manantena ny Fihavian'i Kristy aho. Satria, ny Pentekotista dia nanao an'ilay tena zavatra iray ihany mihitsy izay nataon'ny sisa tamin'izy ireo.

130 Milaza ny Apokalypsy 12 fa hanao an'izany izy ireo. Janga iray izy, ary mpivarotena izy ireo. Izy ireo dia "mpijangajanga." Ilay fiangonana Katolika, "izy," nilaza fa izy dia "janga," ao amin'ny Baiboly, j-a-n-g-a. Korintiana Voalohany 12 no niteny an'izany. Ary nilaza hoe, "ireo zananivavy." Ankehitriny, tsy afaka ny ho lehilahy izy ireo. Tsy nilaza mihitsy izy hoe "ireo zananilahy." Hoy izy, "ireo zananivavy." Ireo fiangonana dia voaseho ao amin'ny Baiboly ho vehivavy. Ary ireo zananivavy dia mpivarotena, hitanareo, ilay zavatra iray ihany. Karazana inona? Eny, ahoana, mpivarotena? Mijangajanga ara-panahy manohitra ny Tenin'Andriamanitra. Mamikitra eo amin'ny vorodamba ara-anaram-piangonana iray raha tokony hanohana mafy an'ilay Finoana izay voatolotra indray mandeha ho an'ireo

olo-masina, hoy Izy, raha tokony hiverina ka handray ny Tenin'Andriamanitra.

131 Niresaka tamin'ny pretra iray aho teto vao tsy ela akory izay. Hoy izy hoe, "Tsy ahoako izay lazain'ny Baiboly. Izahay no fiangonana."

Hoy aho hoe, *"Ity no* Tenin'Andriamanitra."

Hoy izy, "Izahay no nanao an'izany."

132 Hoy aho hoe, "Nahoana no niova betsaka izany? Tsy manana zavatra iray ianareo ao amin'ny fiangonanareo, izay lazain'ity Baiboly ity, ka ampianarinareo." Niteny taminy aho fa nanao batisa zazavavy iray tamin'ny Anaran'i Jesosy Kristy aho.

Hoy izy hoe, "Fantatrao, ny fiangonana Katolika dia nanao an'izany taloha."

Hoy aho hoe, "Oviana? Misy ny tantaran'ireo fiangonana rehetra, izay fantatro, mipetraka eo mihitsy."

Hoy izy hoe, "Mino ny katesizinay izahay."

Hoy aho hoe, "Ahoana ny amin'ny tantara?"

133 Hoy izy, "Tsy ahoanay izay lazain'ny tantara. Mino ny katesizy izahay."

134 Hoy aho hoe, "Ahoana no ahafantaranao fa nisy George Washington iray sy Abraham Lincoln? Ahoana no nahafantaranao fa nisy mopera mpivahiny?"

"Satria mino ny tantaranay izahay."

135 Hoy aho hoe, "Tsy misy toerana izay hany nandaminana ny fiangonana Katolika raha tsy enimpolo sy telonjato taona taorian'ny nahafatesan'ny apostoly farany." Hoy aho hoe, "Ary ny fiangonana Katolika dia tsy fantatra. Tsy nanao batisa tamin'ny Anaran'i Jesosy Kristy izy ireo, satria izy ireo no fototra voalohany indrindra nampiditra ny batisa sandoka. Ary izy dia . . . "

136 Hoy izy hoe, "Eny, andraso iray minitra ankehitriny." Hoy izy hoe, "Manana zò izahay. Izahay no fiangonana. Manao an'izay tianay atao izahay satria Andriamanitra dia ao amin'ny Fiangonany."

Hoy aho hoe, "Andriamanitra dia ao amin'Ny Teniny, fa tsy ao amin'ny Fiangonany."

137 Raha tsy mifanaraka amin'ny Teny ilay fiangonana, amin'izay fotoana izay dia misy zavatra tsy mety ao. "Aoka Ny Teniko ho marina, ary ny tenin'ny olon-kafa rehetra ho lainga." Marina izany. Ny Tenin'Andriamanitra no marina. Ataovy marina Ny Teniny. Miverena amin'Ny Teniny. Hitanareo ve hoe inona no nohanin'ilay valalavao?

138 Ankehitriny, nandritry ny fotoan'ireo mopera Niseana voalohany. Gene, izany dia vao avy noraisinao, ihany koa.

Ny Fivoriambe Niseana dia namoaka adi-hevitra lehibe iray, mikasika ny hoe, "Andriamanitra anankiray ve no nisy sa nisy Andriamanitra telo no nisy; Ray, iray izay; Zanaka, roa izay; Andriamanitra ilay Fanahy Masina, telo izay?" Ary neken'izy ireo fa nisy "Andriamanitra telo." Ankehitriny, raha tsy mino an'izany ianareo, dia hamaky an'izany aminareo aho izao ankehitriny izao avy ao amin'ilay Fiombonambe Niseana, ireo Mopera Niseana. Nanao an'izany izy ireo, "Andriamanitra telo."

139 Andriamanitra anankiray no misy. Anankiray ihany no misy. Izy no Jehovah Andriamanitra, dia ilay IZAHO NO IZY lehibe; ny Alfa, Omega; ny Fiandohana sy ny Fiafarana.

140 Nanana izy ireo ankehitriny, mba hanaovana an'izany, dia tsy maintsy naka zavatra nifanaraka tamin'izany izy ireo. Mba hanaovana an'izany, dia niezaka izy ireo ny hilaza hoe, "Andriamanitra ilay Ray, Andriamanitra ilay Zanaka, Andriamanitra ilay Fanahy Masina." Ankehitriny, tanteraka tokoa, tsy misy izany karazan-javatra izany. Tsy Andriamanitra telo izany. Fanompoan-tsampy izany.

Misy asa telo an'ilay Andriamanitra iray ihany. Ny maha-Ray . . .

141 Rehefa nitoetra irery Andriamanitra, masina; Ireo Lalàny, ny Fahamarinany no manao Azy ho masina. Te-ho ao anatin'ny olona Izy. Te-hivavaka miaraka amin'olona Izy. Tiany hivavaka Aminy ny olona. Tsy maintsy nanatona ny olona Izy. Ary noho izany rehefa nanao an'izany Izy, dia namorona Izy; nanaloka virijiny kely iray amin'ny anarana hoe Maria. Andriamanitra, Jehovah no nanao, sy namorona sela iray tao an-kibony, selan-dRà. Io selan-dRà io no nampitombo sela, ka niteraka Lehilahy iray izany, dia Kristy Jesosy.

142 Andriamanitra Tsitoha, ilay Ray, no nonina tao Aminy. Tamin'ny andron'ny batisa, rehefa nandray ny Fanahy Masina Izy tamin'ny andro izay nanaovan'i Jaona batisa Azy, dia hoy i Jaona hoe, "Nijery aho ka nahita ny Fanahin'Andriamanitra, tahaka ny Voromailala iray, nidina avy tany An-danitra, ary Feo iray nanao hoe, 'Ity No Zanako malalako Izay Sitrako hitoerana.'" Jesosy dia nilaza fa Andriamanitra no niaraka Taminy, "Izaho sy Ny Raiko dia Iray. Ny Raiko mitoetra ato Amiko." Tsy hoe Jesosy, ary misy anankiray miaraka amin'Andriamanitra; fa Andriamanitra no tao amin'i Kristy, nampihavana an'izao tontolo izao tamin'ny Tenany.

143 Ary ianareo rahalahy an'ny Tokana, maro aminareo no diso làlana rehefa miezaka ianareo ny mihevitra fa Andriamanitra dia anankiray tahaka ny fanondronareo anankiray. Tsy afaka ny ho Rainy Manokana Izy. Tsy mety ho izany Izy.

144 Fa Izy no Andriamanitra. Andriamanitra dia Jehovah, ilay Fanahy; Kristy no trano izay Nitoerany. Ary avy eo dia Nataony fanatitra io aina io, ary, rehefa nanao Izy, dia Natolony ny

Fanahy. Ary tamin'ny alàlan'io Rà tsy mifangaro izay Nalatsany io, no Nanamasinany ahy, mba Ahafahany Izy tenany ho tonga ka honina ato amiko sy ao aminareo. Ary Andriamanitra dia momba antsika. Izany dia ny Fanahy Masina, izay ilay iray ihany, tena Andriamanitra iray ihany, Jehovah Andriamanitra. "Homba anareo Aho, ho ao anatinareo mihitsy aza, hatramin'ny fahataperan'izao tontolo izao. Ary ireo zavatra izay Ataoko, no hataonareo koa."

145 Eo no manomboka mihinana ireo sompanga, ireo valalavao, miezaka manao "Andriamanitra ilay Ray" mipetraka ao amin'ny Voninahitra, "Andriamanitra ilay Zanaka" mipetraka eo ambonin'ny tànana ankavanana iray izay Ananany.

146 Ny tànana ankavanan'Andriamanitra, izay nilazan'ny Baiboly hoe, "Niandrandra aho ka nahita an'i Jesosy nitsangana teo an-tànana ankavanan'Andriamanitra," Filipo, na i Stefana rehefa notoraham-bato izy. Tsy midika izany fa manana tànana ankavanana iray Andriamanitra, ary Jesosy dia mitsangana eo an-tampon'ny Tànany ankavanana. Midika izany fa eo an-tànana ankavanan'ny Hery Izy, fahefana. "Efa nomena Ahy ny fahefana rehetra any An-danitra sy ety an-tany," hoy Jesosy. Teo amin'ny fahefana Izy. Andriamanitra dia tao amin'i Kristy. Izy dia ao—ao Aminy. Hoy ny Baiboly hoe, "Ao Aminy no itoeran'ny fahafenoan'ny Maha-Andriamanitra ara-batana." Rehefa miezaka manao Andriamanitra telo samihafa ianareo, dia mpanompo sampy arak'izay mety haha-mpanompo sampy.

147 Ankehitriny, dia hanongo ity. Fahefatra. Rehefa nanana andriamanitra telo izy ireo, dia tsy maintsy naneho batisa iray ho azy, ho an'ireo andriamaniny telo, noho izany dia nohajambain'ny devoly ny masony, ny amin'ny Matio 28:19, "Koa mandehana ianareo, ampianaro ny firenena rehetra, manao batisa amin'ny Anaran'ny Ray, Zanaka, Fanahy Masina. Mampianatra azy ireo hitandrina an'izay rehetra Nataoko. Indro, Izaho momba anareo isan'andro, hatramin'ny fahataperan'izao tontolo izao mihitsy aza." Najambain'ny devoly tamin'Izany ny mason'izy ireo.

148 Hazòny izany ankehitriny. Ankehitriny dia eto no tsy maintsy andetehako fantsika iray, ary handratra izany, fa tiako ianareo hihaino. Izany no Fahamarinana. Andriamanitra anie hanampy an'izany mba ho. . . Zahao fotsiny ny Soratra. Mitadiava ao amin'ny Baiboly izay misy olona hany natao batisa tamin'ny Anaran'ny "Ray, Zanaka, Fanahy Masina," mitadiava toerana iray izay hany nanaovana batisa olona iray. Jereo, hoy ianareo hoe, "Ny devoly dia afaka . . . " Ny devoly dia maka an'io Soratra io ary manao Azy hitovy amin'ny zavatra izay tsy maha-izy Azy.

149 Tsy nilaza an'ilay zavatra iray ihany tamin'i Jesosy ve izy? "Voasoratra hoe, 'Izy handidy an'Ireo Anjeliny, mikasika ny,

fandrao Ianao hanafintohina ny Tongotrao amin'ny vato.'" Tsy nanafintohina ny Tongony tamin'ny vato iray mihitsy Izy. Fa ny devoly no niezaka hanao Azy hahita zavatra izay tsy nolazain'ny Soratra.

150 Nanan-tsaina Izy. Feno an'Andriamanitra Izy. Andriamanitra no tao Aminy. Ary Andriamanitra, izay ao anatin'ny olona iray, no hampahafantatra ny Fanambarany. Izany tokoa.

151 Hitondra anareo ao amin'ny Matio 28:19 aho, "Koa mandehana ianareo, ampianaro ny firenena rehetra, manao batisa azy amin'ny Anaran'ny Ray, Zanaka, ary Fanahy Masina."

152 Diniho ankehitriny hoe ahoana ireo triniteista tafahoatra avy amin'ny fiangonana Katolika . . . Tsy tao amin'ny Baiboly mihitsy, tsy nisy fanekem-pinoan'ireo mopera talohan'i Nise, taloha—mopera talohan'i Nise. Izy ireo dia, ny tsirairay avy, natao batisa tamin'ny Anaran'i Jesosy Kristy, ny tsirairay avy tamin'izy ireo. Tonga tamin'ny alàlan'ny fiangonana Katolika izany, avy teo dia niditra nankao amin'ny fiangonana Protestanta.

153 Ankehitriny, ahoana no ahafahanareo hahita an'izany raha tsy Andriamanitra no manokatra ny masonareo? Tsy afaka ianareo. Mivavaka aho mba hanokafan'Andriamanitra ny masonareo amin'Ity. Ary henoy tsara fotsiny mihitsy ankehitriny.

154 Ankehitriny dia horaisiko ny Soratrareo, Matio 28:19, "Mandehana ianareo, ampianaro ny firenena rehetra, manao batisa azy ireo ho amin'ny Anaran'ny Ray, Zanaka, Fanahy Masina."

Ahoana no nanaovana batisa anareo, "Tamin'ny anaran'ny Ray, tamin'ny anaran'ny Zanaka, tamin'ny anaran'ny Fanahy Masina ve"? Tsy voasoratra ao amin'ny Soratra akory aza izany. Ary mila olona iray aho . . .

155 Hoy ianareo hoe, "Ny trinite masina voatahy." Tadiavo ho ahy ny teny hoe "trinite" na aiza na aiza ao amin'ny pejin'ny Baibolin'Andriamanitra. Tetika nataon'olona izany, vorodambam-piangonana tranainy voarakotra manodidina, mba haka ny toeran'ny Tadin-tsiron-kazon'ny Fanahy Masin'Andriamanitra. Tsy misy zavatra tahaka an'izany. Tsy misy ny zavatra tahaka an'izany. Tadiavo izany ka mankanesa atỳ amiko. Adidinareo ny manao an'izany, amin'ny maha-Kristiana iray, raha mahita an'izany ianareo. Tsy ao amin'ny Soratra Masin'Andriamanitra izany. Ary ny "Ray, Zanaka, ary Fanahy Masina" dia foy avy tany amin'ny helo, tsy misy izany karazan-javatra hoe Andriamanitra telo izany.

156 Ankehitriny, mino ny maha-Ray an'Andriamanitra aho. Mino ny maha-Zanaka an'Andriamanitra aho. Mino ny fizarampotoan'ny Fanahy Masin'Andriamanitra aho. Fa Izany dia ilay

Andriamanitra iray ihany ao amin'ny fizaram-potoana tsirairay, fa tsy Andriamanitra telo.

157 Ankehitriny, "Amin'ny Anaran'ny Ray." Tsy nilaza ny Baiboly hoe, "Mandehana manao batisa amin'ny anaran'ny Ray, anaran'ny Zanaka, anaran'ny Fanahy Masina." Hoy Izy, "Mandehana manao batisa," hoy Jesosy, nitodika, "ny Anaran'ny Ray, Zanaka, ary Fanahy Masina." Tsy hoe "anaran'ny Ray, anaran'ny Zanaka," hanao azy ireo ho olona maro izany, fa tsy Izany. "Amin'ny Anaran'ny Ray, ary . . . " *Ary* dia fanohizan-teny, miaraka amin'ny foto-kevitr'izy ireo iray ihany. "Amin'ny Anaran'ny Ray, sy an'ny Zanaka, ary an'ny Fanahy Masina." Tsy hoe "amin'ny anaran'ny Ray, anaran'ny Zanaka, anaran'ny Fanahy Masina." Fa, "Amin'ny Anaran'ny Ray, Zanaka, ary Fanahy Masina." Hitanareo? Jereo ankehitriny.

158 Eto no mitsangana ireo apostoly voahosotra nandeha nankany amin'ny Pentekosta, mba handray ny Fanahy Masina. Nandeha avy hatrany nankany amin'ny Pentekosta izy ireo ary nandray ny Fanahy Masina. Ankehitriny, notokanana ilay Fiangonana, inona no hataontsika? Ny zavatra voalohany miseho, dia tsy maintsy natao ilay Taratasim-panafody. Dokotera Simona Petera no tsy maintsy manoratra an'ilay Taratasim-panafody voalohany, satria Jesosy no nanome azy ny penina. "Omeko anao ny fanalahidy, ry Petera. Na inona na inona fehezinao, izay Taratasim-panafody soratanao eto an-tany, dia Horaisiko ao amin'ny Farmasia izany. Soraty izany, dia ho Ekeko ilay izy."

159 Inona no nataon'izy ireo? Rehefa nandre an'io tabataba rehetra tany ivelany tahaka an'izany io ireo lehilahy, dia hoy izy ireo hoe, "Inona no dikan'io?" Ireo hafa, niteny tamin'ny fiteny tsy fantatra. Hoy izy ireo hoe, "Mandre an'ireo asa mahagaga an'Andriamanitra isika."

160 Inona no nolazain'i Petera? "Mibebaha, ny tsirairay avy aminareo, ary aoka hatao batisa amin'ny Anaran'i Jesosy Kristy ho an'ny famelàna ny fahotanareo, ary ianareo handray ny fanomezan'ny Fanahy Masina."

161 Ankehitriny dia inona no nataon'izy ireo? Nanampy izy ireo hoe "Ray, Zanaka, Fanahy Masina" eto, izay tsy ao amin'ilay Taratasim-panafody. Marina izany. Inona koa no nampian'izy ireo? "Tsy mila mivoaka ianareo ka mihetsika tahaka ny nataon'izy ireo. Tsy manome anareo fifaliana sy hery izany, sy fitenenana amin'ny fiteny tsy fantatra, ary ireo rehetra ireo. Tsy voatery hanana an'izany ianareo. Ataovy fotsiny ny fiaikenareo, mandraisa tànana." Zava-mahadomelina amboniny misy poizina an'ny devoly izany. Raha izany no nanao azy ireo hihetsika tahaka an'izany rehefa nandray an'ilay Fanafody izy ireo, dia izany no hanao anareo hihetsika amin'ilay fanao iray ihany. Raiso marina mihitsy Ny Taratasim-panafodiny.

"Izay sisan'ny kijeja, dia nohanin'ny sompanga."

162 Ankehitriny tsarovy, raha tsy nisy olona iray mihitsy hany natao batisa, ao amin'ny Baiboly, tamin'ny fomba hafa afa-tsy tamin'ny Anaran'i Jesosy Kristy, Jiosy sy Jentilisa, na ireo avy any ivelany sy ny zavatra hafa rehetra, ny rehetra dia tsy maintsy tonga ary natao batisa tamin'ny Anaran'i Jesosy Kristy. Mihaika ny olona rehetra aho haneho amiko hoe taiza no nisy olona anankiray hany natao batisa tamin'ny anaran'ny "Ray, Zanaka, Fanahy Masina," na mandritra ny telonjato taona taorian'ny—ny fahafatesan'ilay apostoly farany. Nahoana, mazava kokoa noho ny rantsan-tànako folo eo anoloako izany. Tsy afaka mahita an'izany ianareo raha tsy Andriamanitra no manokatra ny masonareo. Eny, izany, raha tsy izany no fanambarana marina, amin'izay fotoana izay dia nahoana i Petera, no nanana an'ilay fanambarana iray ihany, nihodina avy hatrany . . . Folo andro taorian'ny nitenenan'i Jesosy taminy hoe, "Mandehana manao batisa amin'ny Anaran'ny Ray, Zanaka, ary Fanahy Masina," nihodina avy hatrany i Petera, ka nanao hoe, "Aoka hatao batisa amin'ny Anaran'i Jesosy Kristy, ny tsirairay avy aminareo." Noho izany dia tsy maintsy izany ilay fanambarana iray ihany izay nananany. Ary ny fiangonana eo, ary ho triniterana izany, dia nahazo an'ilay fanambarana diso, noho izany dia tsy mampiasa an'ilay Tadin-tsiron-kazo izy ireo. Naka vorodamba iray izy ireo ka nandrakotra an'izany manodidina teo, ary izany no mandatsaka an'ilay Ain'Andriamanitra eo. Hamono an'ilay marary izany! Oh, zavatra maro amboniny firy no azontsika andehanana, ao amin'ireo fanekem-pinoanareo sy ny sisa, izay nataon'izany!

163 Mamelà ahy hanazava fotsiny an'ity anankiray kely ity. Tiako ianareo hiditra ary haka ny Baibolinareo iray minitra fotsiny, noho izany dia hataontsika tena tsotra fotsiny izany hahazoan'ireo ankizy Azy. Mamadiha ao amin'ny Matio, ny toko faha-1. Manana ny Matio 28:19 ianareo. Mandehana ao amin'ny Matio, ny toko faha-1, ny andininy faha-18.

164 Jereo eto, tiako ianareo hijery tsara, *ity* no Ray, eo ankaviako, *ity* no Zanaka, eo afovoany, *ity* no Fanahy Masina, eo ankavanana. [Mampiasa zavatra telo Rahalahy Branham mba hanehoana—Mpand.] Ankehitriny, Iza no Rain'i Jesosy Kristy? Andriamanitra, ilay Ray. Marina ve izany? Mino an'izany ve ianareo rehetra? [Hoy ny fiangonana hoe, "Amena."] Azo antoka fa mino aho. Andriamanitra, ilay Ray, no Rain'ny Tompo Jesosy. Ray, Zanaka, Fanahy Masina.

165 Manonona ny Soratra aho ankehitriny. Jereo, afaka mitady an'izany ianareo rehefa mandeha mody, na mitady an'izany ankehitriny. "Ankehitriny dia toy izao no nahaterahan'i Jesosy Kristy . . . " Matio 1. Jereo eto, araka ny nolazaiko matetika, raha mamaky bokin-tantara iray ianareo, ary mamaky any amin'ny farany, raiso fotsiny ny Matio 28:19 tahaka an'izao,

ao amin'ny bokin-tantara iray, “Niaina sambatra i John sy Mary taty aoriana.” Iza i John sy Mary? Miverena amin'ny voalohan'ilay boky ka tadiavo hoe iza i John sy Mary, raha nilaza Izy hoe, “Koa mandehana ianareo, ampianaro ny firenena rehetra, manao batisa azy ireo amin'ny Anaran'ny Ray.”

166 Te-hanontany zavatra aminareo aho. Ny “Ray” ve dia anarana iray? [Hoy ny fiangonana hoe, “Tsia.”—Mpand.] Azo antoka fa tsy izany ilay izy. Amin'ny Anaran'ny “Zanaka.” Ny “Zanaka” ve dia anarana iray? [“Tsia.”] Titra iray izany, mitovy fotsiny amin'ny hoe “Ray.” Ny “Fanahy Masina” ve dia anarana iray? [“Tsia.”] Tsia, titra iray izany. *Fanahy Masina* dia izay maha-izy Azy.

167 Hoy ianareo hoe, “Anarana iray ny Fanahy Masina.” Toy izany koa ny *olombelona*. Hitanareo, olombelona iray aho, fa ny anarako dia tsy “olombelona.”

168 Izany no maha-izy Azy. Izany no Fanahy Masina. Tsy izany No Anarany; izany no maha-izy Azy. Noho izany raha tsy anarana ny “Ray,” tsy anarana ny “Fanahy Masina,” ary tsy anarana ny “Zanaka,” amin'izay fotoana izay dia iza no Anaran'ny “Ray, Zanaka, Fanahy Masina”? [Hoy ny fiangonana hoe, “Jesosy Kristy Tompo.”—Mpand.] Izany tokoa! Izany tokoa! Ankehitriny, hitanareo, “Ray” dia tsy anarana.

169 Hoy Jesosy hoe, “Mandehana manao batisa azy ireo amin'ny Anaran'ny Ray, an'ny Zanaka, an'ny Fanahy Masina.” Nitodika Petera, nanao hoe, “Izany dia ny Anaran'i ‘Jesosy Kristy.’” Ankehitriny, izany marina tokoa ilay fomba fanao izay narahin'izy ireo manerana ny Baiboly rehetra.

170 Ankehitriny dia inona no nataon'izy ireo? Inona no nataon'ny mpandikan'izy ireo, na ireo olon'ny fiangonana? Inona no nataon'ireo rafi-pandaminana? Nandrakotra vorodamba ara-anaram-piangonana tranainy iray nanodidina, mba halaza miaraka amin'ny sisa. Raha tsy maintsy hihinana mofo maina sy misotro ranon-drenirano aho, ary ho maritiora, dia hanohana ny Fahamarinan'Andriamanitra aho ary ho faty eo amin'ilay vodihazo. Marina izany. Tsy misy olona, ny papan'i Roma, na eveka na kardinaly, afaka manohitra an'Izany. Eny, tompoko. Inona no olana? Izay sisan'ny kijeja, izay sisan'ny Metodista, dia nohanin'ny Batista. Izay sisan'ny Batista, dia nohanin'ny Pentekotista. Inona ny—inona ny—toerana iray toy ny inona! Vita tanteraka ny amin'ireo tadin'Aina rehetra. Zavatra kely fotsiny ity.

171 Ankehitriny, Iza no “Ray, Zanaka, Fanahy Masina”? “Koa mandehana ianareo, ampianaro ny firenena rehetra, manao batisa azy ireo amin'ny Anaran'ny Ray, Zanaka, Fanahy Masina.” “Ray” dia tsy anarana, “Zanaka” dia tsy anarana, “Fanahy Masina,” tsy anarana.

"Anarana inona no resahanareo?" Eny, izany dia tahaka an'i John sy Mary, ndao isika hiverina ka hahita hoe inona ilay izy.

"Ankehitriny dia toy izao no nahaterahan'i Jesosy Kristy. Rehefa nofofoin'i Josefa i Maria Reniny talohan'izy... talohan'ny niarahan'izy ireo, dia hita izy fa niaraka tamin'ny Zazakely iray avy tamin'ny" (Inona?) "ny Fanahy Masina."

172 Nihevitra aho fa nilaza ianareo hoe Andriamanitra No Rainy. Ahoana no ahafahan'Andriamanitra ho Ny Rainy, ary ny Fanahy Masina ho Ny Rainy? Hitanareo ve ankehitriny, ianareo triniterana, ary mivazavaza amin'ny an'ny Tokana? Ny vilany tsy afaka hiantso ny famanan-drano hoe feno menaka. Jereo eto, tsia. Hitanareo ve izay tiako lazaina?

173 Ny "Ray." Hoy Izy, hoe, "Toy izao no nahaterahan'i Jesosy Kristy. Rehefa ilay reny, Maria, no nofofoin'i Josefa, talohan'ny niarahan'izy ireo, dia hita fa niaraka tamin'ny Zazakely iray avy tamin'ny Fanahy Masina izy." Noho izany, "Andriamanitra ilay Ray" dia tsy nanana na inona na inona natao tamin'izany? Raha—raha Andriamanitra ilay Ray, sy Andriamanitra ilay Fanahy Masina, no tsy ilay Olona Iray ihany, amin'izay fotoana izay dia nanana ray anankiroa Jesosy, ary zazasary iray ny Mpamonjy antsika, teraka niaraka tamin'ny fanahy roa samihafa, na, tamin'ny alàlan'ny fanahy roa samihafa. "Ny nahaterahan'i Jesosy Kristy dia, notorotoronin'ny Fanahy Masina Izy." Mino an'izany ve ianareo? [Hoy ny fiangonana hoe, "Amena."—Mpand.] Noho izany Andriamanitra ilay Ray, sy ny Fanahy Masina, dia ilay Fanahy Iray ihany, fa raha tsy izany dia nanana ray anankiroa Izy.

174 "Izany rehetra izany dia natao, mba hahatanteraka an'izay nolazain'ny mpaminanin'ny Tompo, nanao hoe, 'Indro, hanana Zanaka ny virijiny, ary hiteraka Zaza izy, ary izy ireo... Zanakalahy iray, ary izy ireo hiantso Ny Anarany'" (*ity* no Izy) "'JESOSY, izany hoe Imanoela,' izany hoe, raha adika..." Inona? [Hoy ny fiangonana hoe, "'Andriamanitra miaraka amintsika.'"—Mpand.] Noho izany dia iza no Anaran'ny "Ray, Zanaka, Fanahy Masina"? ["Jesosy Kristy Tompo."] Izany tokoa. "Ny Anarany dia hantsoina hoe" ["'JESOSY,'"] "fa Izy no hamonjy ny Olony ho afaka amin'ny fahotany."

175 Ankehitriny, iza no "Ray, Zanaka, Fanahy Masina"? Jesosy Kristy Tompo. Iza no Anaran'Izany? Tsy anarana... "Ray" dia tsy anarana, "Zanaka" dia tsy anarana, "Fanahy Masina" dia tsy anarana. Fa Jesosy Kristy no "Jesosy Kristy Tompo," izay Ray, Zanaka, Fanahy Masina, ireo asa telon'Andriamanitra voaseho tao amin'ny nofo, tao amin'ny Olona anankiray. Haleloia! Rahalahy, izany no Fahamarinana. Mianiana aho, Andriamanitra, hitsangana aho amin'ny Andron'ny Fitsarana eo amin'Izany.

176 Inona no nataon'ilay valalavao? Nanao an'Andriamanitra ilay Ray any An-danitra, Andriamanitra ilay Zanaka mipetraka *eto* eo ambonin'ny seza fiandrianana iray, ary Andriamanitra ilay Ma-. . . Tsy mahagaga raha tsy afaka ho tonga na aiza na aiza isika!

177 Andriamanitra dia ao anatinareo, miaraka aminareo. "Homba anareo Aho, ho ao anatinareo mihitsy aza, hatramin'ny fahataperan'izao tontolo izao. Ary ireo zavatra izay Ataoko, no hataonareo koa," tsy Olona iray hafa, fa ilay Fanahy Masina iray ihany, ilay Olona iray ihany, Andriamanitra iray ihany. Jesosy, ilay Tompo Jesosy Izy tenany, dia Tabernakely iray izay nitoeran'Andriamanitra, mba haneho ny Tenany, satria Fanahy iray Izy. Fanahy iray Izy.

178 Ankehitriny, Jesosy dia tsy Mandrakizay. Andriamanitra no Mandrakizay. Ankehitriny dia Mandrakizay Jesosy satria naka Vatana iray Andriamanitra.

179 Nisy fotoana iray, talohan'ny fanorenana an'izao tontolo izao, dia Mandrakizay aho. Raha nieritreritra ahy Andriamanitra, dia efa noeritreretina talohan'ny fanorenana an'izao tontolo izao aho, ny anarako dia efa napetraka tao amin'ny Bokin'ny Fiainan'ny Zanak'ondry, ary toy izany koa ny anareo, talohan'ny nisian'ny vaingam-pasika anankiray mihitsy aza. Firy no mahafantatra fa izany no Baiboly? Firy no mahafantatra fa Andriamanitra dia nametraka ny anaranareo tao amin'ny Bokin'ny Fiainan'ny Zanak'ondry talohan'ny fanorenana an'izao tontolo izao? Noho izany, tao amin'ny fisainan'Andriamanitra, dia teraka tao amin'Ny Fanjakany tamin'izany fotoana izany mihitsy isika.

180 Indray andro dia tonga tamin'ny alàlan'ny fanambadiana masina ny vatana iray, ny raiko sy reniko. Ary niteraka ahy izy ireo, ary inty aho tonga, William Branham, voaseho ao amin'ny vatan'ny nofo iray. Ankehitriny ianareo dia mahafantatra ahy ho William Branham, lehilahy iray. Andriamanitra dia nahafantatra ahy ho William Branham, fisainana iray tao amin'ny Sainy Manokana, ary fanehoana iray.

181 Inona ny teny iray? Ny teny iray dia fisainana iray voaseho. Rehefa niteny Izy ka nanao hoe, "Aoka izy ho tonga," dia tonga aho. Rehefa hoy Izy hoe, "Avelao izy ho tonga indray," dia ho tonga indray aho. Eny, tompoko. Ary noho izany, hitanareo, fisainana iray; ny teny iray dia fisainana iray voaseho.

182 Efa nanome ny Teny Andriamanitra, ny zavatra tokan'ny Fisainany, ary Nasehony izany. Rehefa Asehony izany, dia mitranga. "Aoka hisy," dia nisy. Izany no Andriamanitra, ilay faratampon'ny hery, mahery indrindra, Jehovah tsitoha. Ankehitriny dia voaseho Izy.

Ankehitriny mba, hanatanterahana an'izany, dia tsy maintsy manana batisa sandoka iray izy ireo mba hanaovana an'izany.

Hitanareo, miafina izany. Tsy mahita an'izany izao tontolo izao, ary tsy mety ho hita izany.

183 Diniho tsara ankehitriny, raha mbola manana fotoana betsaka isika mba—mba hamaranana ka hanaovana an'ilay laharam-bavaka. Eny àry. Ela kokoa noho izay noheveriko hahaizy ahy aho, teo amin'izany. Iray minitra fotsiny ankehitriny, manana zavatra hafa aho izay tiako tenenina aminareo.

184 Noho izany, "Ray, Zanaka, Fanahy Masina" dia Andriamanitra marina anankiray. Manana Anarana anankiray Izy. Ny Anarany dia Jesosy Kristy. Teraka ho Kristy ilay Tompo Izy rehefa teraka Izy. Izy, *Kristy,* dia midika hoe "ilay Anankiray voahosotra." Ny *Tompo* dia midika hoe "tompony." Izy no "tompony" sy "Tompo." Ary avy eo dia nidina Andriamanitra ka nonina tao Aminy, izay nanao Azy sady Ray, Zanaka, ary Fanahy Masina; Alfa, Omega, ny Fiandohana sy ny Fiafarana; Izy izay Nisy, Izay Misy, ary Ho Avy; ny Faka sy Solofon'i Davida, sady Faka no Solofon'i Davida; ny Kintan'ny Maraina, ny Voalohany sy ny Farany. Izy izany. Oh!

185 "Inona no sisan'ny kijeja." Ahoana no ahafahanareo hivavaka raha tsy fantatrareo izay ivavahanareo? Ahoana no ahafahanareo ho ara-panahy raha tsy manana ny Fanahy Masina ianareo ao anatinareo? Raha voafatotry ny andiana fanekem-pinoam-piangonana tanteraka ianareo, dia hanao anareo hihetsika tahaka an'ireo olom-piangonana izany, sy—sy manan-kaja sy mpivavaka, ary ireo zavatra tahaka an'izany. Tsara izany rehetra izany, hetsika ara-pitondran-tena.

186 Fa, rahalahy, tsy maintsy ateraka indray ianareo amin'ny alàlan'ny Fanahy Masina tena izy izay tonga amin'ny alàlan'ny Tenin'Andriamanitra fotsiny ihany. Ary ny Tenin'Andriamanitra marina, rehefa tonga ao anatinareo Izy, dia haneho ny Fahamarinana Izy. "Izy, ny Fanahy Masina, ho tonga Izy. Izy no hanambara Ahy. Haneho ny Fahamarinana Izy. Handray an'ireo zavatra izay Nasehoko anareo Izy, haneho an'ireo zavatra izay Nolazaiko, ary haneho azy ireo aminareo. Hanao an'izany ny Fanahy Masina." Izay Hataony, io Izy.

187 Izay sisan'ny kijeja, dia nohanin'ny sompanga. Ary izay sisan'ny Katolika, dia nohanin'ny Loterana. Ary izay nohanin'ny Loterana, sisa, dia nohanin'ny Metodista. Ary izay sisan'ny Metodista, dia nohanin'ny Pentekotista. Tonga aiza ilay izy? Io fivangongoan'ny fahotana rehetra io, ireo zavatra rehetra ireo, ireo fampianarana, ireo zavatra hafa izay azontsika lazaina, oh, oadray, mandray tànana, mamafy rano.

188 Iza no mba nandre ny famafazana? Asehoy ahy ao amin'ny Baiboly izany. Iza no mba nandre ny fandrarahana rano? Asehoy ahy ao amin'ny Baiboly izany. Tonga ny batisa, ny teny hoe *baptizo,* izay midika hoe "alevina sy saronana." Marina. Izany no

Fahamarinan'ny Tenin'Andriamanitra. Oh, raha nanana fotoana isika, dia afaka hanohy sy hanohy eo amin'ireo zavatra sandoka.

189 Izao no lazaiko, ry vahoaka malalako. Henoy aho. Hitsangana miaraka aminareo aho indray andro any amin'ny Andron'ny Fitsarana. Tsy maintsy hamaly aho. Tsy hamaly ho an'ny fanekem-pinoana mihitsy aho. (Mianiana aho, Andriamanitra!) Hamaly ho an'ny Baiboly aho. Izany no Boky hijoroako.

190 Tsy misy toerana ao amin'ny Baiboly izay hany nandraisan'izy ireo ny Fanahy Masina ka tsy nisy fientanam-po, fitenenana amin'ny fiteny tsy fantatra, sy fikiakiahana, sy fiderana an'Andriamanitra, sy faminaniana, ary fanehoana. Tsy nanatona fotsiny mihitsy izy ireo ka nandray tànana an'ilay mpitory teny ary lasa nandeha.

191 Tsy misy toerana ao amin'ny Baiboly hany nandraisan'izy ireo, hany natao batisa, ankoatry ny natao batisa tamin'ny Anaran'i Jesosy Kristy.

192 Tsy nisy toerana mihitsy ao amin'ny Baiboly izay nampianarin'izy ireo ny trinite. Ilay izy isan'andro dia "Andriamanitra anankiray." "Mihainoa, O ry Isiraely, Izaho no Tompo Andriamanitrareo, Andriamanitra anankiray! Aza manana andriamani-kafa eo Anatrehako ianao. Izaho no Tompo Andriamanitrao." Tsy hoe Ray iray, sy Zanaka iray, ary Fanahy Masina iray, fa "Izaho no Andriamanitra!" Mandrakizay, dia Izy no Andriamanitra! Efa Andriamanitra foana Izy. Ho Andriamanitra foana Izy.

193 Ary rehefa handatsaka anareo ny anaram-piangonana iray, rehefa tonga ao amin'ny fiangonana iray ianareo ka miezaka ny haneho ny fitiavan'ny mpirahalahy, na dia miaraka amin'ireo anaram-piangonany aza, mba hiezaka haka sy hamonjy an'izay vitanareo, ampidiro izy ireo, avelao Andriamanitra haka ny sisa amin'izany. Ary satria mitsangana eo amin'ireo Fahamarinana ara-Baiboly ianareo, dia mandroaka anareo izy ireo. Tsy mety ho inona na inona afa-tsy ilay fitapitaka ratsin'ny devoly izany, mba hanakana an'ireo zanaka tsy hiditra mba hahita ny fivoriana ka ho voavonjy. Marina izany.

194 Misy ny Vatolampy mafy an'ny Tenin'Andriamanitra. Haka ny olona rehetra aho, amin'ny fotoana rehetra izay tian'izy ireo, ka handeha hiaraka amin'izy ireo amin'ny fitiavan'ny mpirahalahy, ary tiako ianareo haneho ahy zavatra anankiray izay nolazaiko ka tsy ny Fahamarinana ara-Baiboly. Eny, tompoko. Marina izany. Ankehitriny, satria manohana an'Izany ianareo, dia voaroaka ianareo. Miandry an'ilay izy ho tahaka an'izany aho. Nilaza Andriamanitra fa ho tahaka an'izany ilay izy.

195 Nanao an'ilay zavatra iray ihany Taminy izy ireo. "Taiza no Nahazoanao an'ireo fianarana? Avy tamin'ny sekoly

inona Ianao? Inona Ianao, Fariseo sa Sadoseo?" Izy no Zanak'Andriamanitra velona, tsy niandany tamin'ny iray tamin'izy ireo Izy.

196 Mianiana aho, Andriamanitra, avelao aho hanana tena fahasahiana, avelao aho hanana tena fitsipika, avelao aho ho tena lehilahy, aoka aho ho tena Kristy, hitsangana irery (raha mitsangana aho, tsy maintsy hitsangana tahaka an'izany) ka hiteny ny Fahamarinana, ary hitsangana. Eny, tompoko. Aleoko mitory ny Filazantsara amin'ny olona dimy izay mihaino, toy izay hanana an-tapitrisany. Miteny ny Fahamarinana. Tsy nanao marimaritra iraisana mihitsy aho. Izao no tiako, satria Andriamanitra no niteny tamiko fa ireo famantarana lehibe sy ireo zavatra novokarina, tahaka ny fanehoan'ny Fitsanganany, sy ny sisa, dia ho an'ny Fiangonana izany. Ireo olona mahantra any ireo, ary voafatotra ao anatin'ireo fanekem-pinoana sy ny sisa, dia nampianarina mafy izy ireo, toy ny hoe nosorana.

197 Andriamanitra anie hitahy ny fonareo. Tsy hamela anareo amin'izany toerana izany aho. Ho teneniko aminareo izay nolazain'Andriamanitra hoe, "Fa Izaho no hamerina aminareo an'izay rehetra nohanin'ny sompanga, izay rehetra nohanin'ny valalavao, izay rehetra nohanin'ny kijeja. Izaho no hamerina, hoy ny Tompo!" Mianiana aho, manao an'ity faminaniana ity aho. Mialohan'ny Fihavian'ny Tompo, ilay tena Finoana apostolika marina, ilay Fampianarana apostolika marina, ilay Fanahy ara-Baiboly marina, ilay marina, dia eo amin'ny Làlany Izany ankehitriny, miezaka ny mitady ny Làlany miakatra, haniry indray.

198 Ny Pentekotista no nanana an'izany, teo am-piandohana. Inona no nataon'izy ireo? Nanisy tsipika kely iray nanodidina an'Izany, nanomboka nanisy anarana. Ary Notapahany avy hatrany Izany. Marina tokoa izany. Indro tonga, rehefa nandefa an'ireto fanomezam-pahasoavana ireto ny Tompo, ireo fanomezam-pahasoavana kely manetry tena izay Nomeny ahy. Manohy tonga izy ireo, tian'izy ireo ho io firotsahan'ny fara-orana io aho; hanao azy ho anaram-piangonana iray avy amin'izany. Te-hanao ahy ho tonga hikambana amin'ny Assemblées.

199 Nitsangana teo afovoan'ny sampana tsirairay izay nihantona teo mihitsy aho, eto amin'ilay vodihazon'ilay Hazo mihitsy, ary manao hoe, "Ity no Fototra. Esory ireo tadim-borodamba tranainy eto ireo, mba ahafahan'ilay Aina hiditra ao anatinareo, amin'izay fotoana izay dia hanana faminaniana ianareo, hanana fahaiza-mamantatra ianareo, hanana Fanahy ianareo, hanana hery ianareo. Hanana ny famerenana an'ilay Fiangonana marina ianareo, rehefa miverina amin'ilay Voaloboka marina sy ilay Aina marina."

200 Tsy afaka ho tonga amin'ny alàlan'ny vorodamba iray izay

mandatsaka Azy avy hatrany Izany, ka manao hoe, "Andro hafa iray izany. Andro hafa iray." Tsy miova mandrakizay Izany. Izy no Alfa sy Omega; ny Fiandohana sy ny Fiafarana. Tanteraka tokoa. Tsy maintsy miverina amin'ny Fototra ianareo, satria, "Eo ambonin'ity vatolampy ity no Hanorenako Ny Fiangonako, ary ny vavahadin'ny helo tsy haharesy Azy."

201 Andriamanitra hitahy anareo, ry sakaiza. Fantatro fa mihevitra ianareo fa mitabataba kely fotsiny aho, any ivelan'ny lamina kely, saingy tsy izany aho. Heveriko fa ao amin'ny lamina aho miaraka amin'ity Teny ity.

202 Ny—eto ny Fanahin'Andriamanitra, ilay Fanahy iray ihany izay nanoratra ny Baiboly. Raha ny Fanahy no nanoratra ny Baiboly, dia hanao "amena" isaky ny voateny ny Tenin'ny Baiboly. Raha, *eo*, ny olona rehetra dia natao batisa tamin'ny Anaran'i Jesosy Kristy, dia hilaza ny Fanahin'Andriamanitra marina hoe, "Amena. Izany no Fahamarinana." Ary hoy ny Baiboly hoe, "Jesosy Kristy, ilay tsy miova omaly ary mandrakizay," "Homba anareo isan'andro Aho, ho ao anatinareo mihitsy aza, hatramin'ny fahataperan'izao tontolo izao," ny Fanahin'Andriamanitra marina dia hanao hoe, "Amena." Ary raha izany no tena Fanahin'Andriamanitra marina, amin'izay fotoana izay dia haneho ny Tenany miaraka amin'io Fanahy marina io ireo hery sy fanehoana marina an'ny Fanahy. Tsarao ny Teny izay renareo. Tsarao amin'ny alàlan'ny Baiboly Izany. Diniho ireo Fihetsiny. Diniho ireo Asany.

203 Misy kandidà hatao batisa ve eto, izay tsy mbola natao batisa mihitsy, izay te-hatao batisa? Atsangano ny tànanareo. Eny àry.

204 Raha tsy misy fanaovana batisa arak'izany, mety tsara, noho izany dia hivavaka ho an'ny marary isika. Misy olona ve eto izay marary? Atsangano ny tànanareo, izay te-hivavahana. Firy eto no vahiny eto anivonay, ka te-hivavahana; tsy mahafantatra anareo aho, ary vahiny aho, tsy mahafantatra anareo aho? Eny àry. Marary sy ory, tsy mahafantatra anareo aho.

205 Raha Andriamanitra no Andriamanitra, raha Izy no Andriamanitry ny Teny izay toriako; hoy Jesosy hoe, "Ireo zavatra izay Ataoko no hataonareo koa." Marina ve izany? Hoy Jesosy hoe, "Ireo zavatra izay Ataoko no hataonareo koa. Mihoatra noho izany no hataonareo, satria Aho mankany amin'ny Ray." Inona izany? Mivadika avy amin'ny Lehilahy iray, vatana iray, miverina ho Andry Afo indray. Rehefa nifanena Taminy teny amin'ny làlana nankany Damaskosy i Paoly, dia inona Izy? Andry Afo. Marina ve izany? Izany tokoa. Inona Izy androany? Inona Izy ao amin'*io* sary io?

Hoy ianareo hoe, "Oh, afaka *milaza* an'izany ianao, Rahalahy Branham."

206 Raha izany marina tokoa no fahamarinan'Andriamanitra, raha Izany no ilay Andry Afo iray ihany, ilay Jesosy Kristy

iray ihany, raha manambara aho fa Ny Fanahiny no miditra ato amiko, dia hanao an'ilay zavatra iray ihany izay Nataony Izany. Izany dia hifanaraka amin'ny Teny rehetra izay Nolazainy, tsy mampaninona izay fanekem-pinoana holazain'ireo ara-anarampiangonana. Hiteny Ny Teniny Izany. Izy no niteny an'Izany.

207 Tsy nahasakana Azy ny tsi-finoan'izy ireo. Ny fanekempinoan'izy ireo sy ny anaram-piangonany, dia tsy niandany tamin'ny iray tamin'izy ireo mihitsy Izy. Nitory ny Filazantsara tsy mifangaro izay efa Reny tamin'Andriamanitra Izy. Nitsangana irery Izy. Izany tokoa, nitsangana Izy. Teo Kalvary, tsy nisy na dia iray aza nitsangana teo Anilany. Nitsangana irery Izy.

208 Raha tonga eo amin'ny zavatra iray ianareo, dia hanohana an'Andriamanitra ianareo, hitsangana irery ianareo. Ianareo izany! Tsy izao tontolo izao, tsy ny fiangonanareo izany, tsy ny anaram-piangonanareo izany. Ianareo izany, eo aminareo sy Andriamanitra. Tsy ahoako izay ny . . .

209 Afaka manao an'izay tiany atao ny Branham Tabernacle. Tiako hino an'Andriamanitra izy ireo; tiako ho tonga izy ireo. Fa raha tsy tonga izy ireo, dia tsy hanao marimaritra iraisana amin'izy ireo aho amin'ny zavatra bitika keliny. Hanohana an'Andriamanitra aho.

210 "Ny Metodista. Inona no hataonao, Rahalahy Branham? Ny— ny Pentekotista triniterana?" Efa noporofoiko fa tiako izy ireo. Nandeha tany amin'izy ireo aho, ary nandefa nankany amin'ireo Assemblées de Dieu sy ny fiangonan'Andriamanitra.

211 "Ary raha ny an'ny Tokana, tsy mifanaraka amin'ny an'ny Tokana ianao nohon'ny fijoroan'izy ireo 'tokana,' tahaka an'izany." Eny, tompoko. Jesosy dia nanana Ray iray. Andriamanitra Izy. Izy ireo dia manao batisa amin'ny Anaran'i "Jesosy." Izaho manao batisa amin'ny Anaran'i "Jesosy Kristy Tompo." Misy Jesosy maro, fa anankiray ihany no Jesosy Kristy Tompo. Hitanareo? Tsy amin'ny Anaran'i "Jesosy." Fa amin'ny Anaran'i "Jesosy Kristy Tompo," izany no Ray, Zanaka, Fanahy Masina.

212 *Tompo,* "Hoy ny Tompo tamin'Ny Tompoko hoe, 'Mipetraha eo ankavanana.'" Zanaka, *Jesosy. Kristy,* Logos izay nivoaka avy tamin'Andriamanitra, tamin'ny voalohany. Ray, Zanaka, ary Fanahy Masina. Eo ianareo izao.

213 Oh, tena faly aho ny amin'izany! Mifaly fotsiny ny foko! Ary ny mahafantatra fa Ny Fanahiny, ny Fanahy izay nanoratra ny Teny, dia mifanaraka amin'ny Teny, manaporofo an'ilay tadin'Aina. Miditra Izy, maneho ny Tenany. Homba anareo anie Andriamanitra. Izany no Jesosy Kristy ilay Zanak'Andriamanitra. Efa niteny ny Fahamarinana mikasika Ny Teniny aho.

Ankehitriny ianareo, ry olon'ny tabernakla, mivavaka ho anareo aho amin'ny fotoana hafa. Tara isika. Nihoatra kely aho, nandeha nihoatra kely. Nanantena andiany iray hatao batisa aho.

214 Jereo. Raha eto ny Fanahy Masina, isika dia . . . Izy dia—hanasitrana anareo Izy. Mila an'ireo olona izay vahiny ato amin'ny vavahadinay aho, izay—izay marary sy ory. Ary ankehitriny raha niteny ny Fahamarinana mikasika an'Andriamanitra aho, ka niteny ny fahamarinana ireo olona ireo, hoe tsy mahafantatra azy ireo aho, ary marary sy ory izy ireo; raha mijanona ho tsy miova ny Fanahy Masina, dia afaka manambara amiko Izy. Raha izany no ilay Fanahy Masina iray ihany, ary mifandray amin'ilay vodihazo iray ihany *eto* ambany eto Izy izay nohanin'ireo valalavao, fa misy singana hodi-kazo kely iray midina *eo*, izay mampifandray an'izany miaraka, dia hiasa tahaka ny niasany teo ambany teo mihitsy izany.

215 Ny fanekem-pinoan'ireo fiangonana dia hanao hoe, "Oh, tsy marina izany. Fifandraisana ara-tsaina izany. Izany dia ny—ny devoly. Fanaovana hatsarana izany."

216 Izany ilay zavatra iray ihany izay nolazain'izy ireo mikasika Azy. "Raha miantso ny Tompon'ny trano izy ireo hoe 'Belzeboba,' tsy mihoatra noho izany ve no iantsoan'izy ireo ny Mpianany?" Marina. Mbola tsy mahasakana an'ilay izy foana izany. Mampitombo an'ilay izy fotsiny izany, manao an'ilay izy hanohy.

217 Ankehitriny, mbola Andriamanitra foana ve Izy? Izy ve no tsy miova omaly, anio, ary mandrakizay? Manaja Ny Teniny ve Izy? Manaja Izy.

218 Ary manery ny tsirairay avy aminareo aho, raha mbola tsy natao batisa tamin'ny Anaran'i Jesosy Kristy mihitsy ianareo, dia aoka hatao batisa amin'ny Anaran'i Jesosy Kristy. Tsy ahoako izay lazain'ny vorodambam-piangonana tranainy. Izany dia anaram- . . .

219 Ary fantatro ireo lehilahy izay nentiko tao amin'ny biraoko, ary nianatra. Saiky lehilahy tsara, hoy aho hoe, "Tongava eto iray minitra. Asehoy ahy izay nanaovana batisa anareo tamin'ny anaran'ny 'Ray, Zanaka, Fanahy Masina,' raha ara-tSoratra izany."

220 Ary rehefa voatery izy, dia nanao hoe, "Fantatro izany, Rahalahy Branham, saingy aza omena ahy izany." Hitanareo?

221 Hoy aho hoe, "Tohano ny foto-pampianaranao, asehoy ahy aiza no misy anankiray. Ny olona rehetra ao amin'ny Baiboly, izy ireo . . . "

222 Ny sasany natao batisa, tsy misy anarana mihitsy, tsy maintsy tonga ary naverina natao batisa indray, alohan'ny andraisan'izy ireo ny Fanahy Masina. Firy no mahafantatra an'izany? Nandalo ny morontsiraka ambony an'i Efesosy i

Paoly, nahita an'ireo Batista izy. Izy ireo dia nanana anankiray tsara . . . Nanana pasitera tsara iray izy ireo. Mpisolovava niova fo izy, Apolosy. Ary hoy Izy tamin'izy ireo hoe, "Efa noraisinareo ve ny Fanahy Masina fony ianareo vao nino?"

223 Hoy izy ireo hoe, "Tsy fantatray hoe misy ny Fanahy Masina."

224 Hoy izy, "Noho izany dia ahoana no nanaovana batisa anareo?" Izao no voalaza ao amin'ny King James hoe, "ho amin'ny inona." Vakio izany ao amin'ny tany am-boalohany, manao hoe "Ahoana." "Ho amin'ny inona" dia midika an'ilay zavatra iray ihany. "Ahoana no nanaovana batisa anareo?"

225 Hoy izy ireo hoe, "Natao batisa tamin'i Jaona izahay, ilay lehilahy iray ihany izay nanao batisa an'i Jesosy." Fanaovana batisa tsara iray izany. "Nandeha tao anaty rano, ilay anankiray ihany izay nanao batisa . . . Jaona."

226 Eny, hoy i Paoly hoe, "Tsy hety intsony izany. Tsy tsara intsony izany. Efa tonga Izy, efa nohomboana. Satria Jaona dia nanao batisa ho amin'ny fibebahana, fa tsy famelàna ny fahotana, nilaza fa tokony hino an'Ilay efa tonga ianareo, Jesosy Kristy." Ary rehefa nandre an'izany izy ireo, dia nandeha tao anaty rano ary naverina natao batisa indray, tamin'ny Anaran'i Jesosy Kristy. Nametraka ny tànany teo amin'izy ireo i Paoly, ka tonga teo amin'izy ireo ny Fanahy Masina. Naminany izy ireo ary niteny tamin'ny fiteny tsy fantatra. Marina ve izany? Nanery an'ireo olona izay nataon'ilay lehilahy iray ihany batisa izay nanao batisa an'i Jesosy i Paoly, niteny tamin'izy ireo fa tsy maintsy averina hatao batisa izy ireo, satria tsy natao batisa tamin'ny Anaran'ny Tompo Jesosy.

Manana zò hilaza an'ilay zavatra iray ihany aho. Ilay Foto-pampianarana iray ihany izany.

227 Ankehitriny, inona no nolazain'i Paoly ao amin'ny Galatiana 1:8? Ankehitriny, nanao an'izany izy. Firy no mahafantatra fa izany no Fahamarinana? Manaova hoe, "Amena." [Hoy ny fiangonana hoe, "Amena."—Mpand.] Ary hoy izy hoe, "Raha Anjely iray avy any An-danitra," avelao hipetraka tsara ny mpitory teny iray an'ny fiangonana iray na anaram-piangonana iray! "Raha Anjely iray avy any An-danitra no tonga ka mitory filazantsara hafa noho Ity, dia aoka izy ho voaozona. Araka ny efa nolazaiko tany aloha, dia toy izany koa no lazaiko indray hoe, na izahay aza na Anjely iray avy any An-danitra no mitory filazantsara hafa noho Ity izay efa renareo." Hitanareo ve hoe taiza no nihinanan'ilay valalavao Azy? Hitanareo? "Fa raha ny—Anjely iray no mitory zavatra hafa noho izay maha-izy an'Ity, dia aoka izy ho voaozona aminareo." Marina izany. Aoka izy ho voaozona. Aza miraharaha azy akory aza.

228 Ary raha pasitera iray, raha misionera iray, raha e—evanjelista iray, na iza na iza, no miezaka manery anareo hatao batisa amin'ny fomba hafa afa-tsy amin'ny Anaran'i

Jesosy Kristy, mamelà ahy hilaza miaraka amin'i Paoly hoe, "Aoka izy ho voaozona." Raha misy olona miteny aminareo hoe, "Mifandraisa tànana amin'ilay mpitory teny dia handray ny Fanahy Masina ianareo," aoka izy ho voaozona. Satria, ny Fanahy Masina dia Fahaterahana iray. Mila an'Izany amin'ny fanao manokana izy ireo.

229 Ny olona rehetra dia mahafantatra, hoy aho tany aloha, fa ny fahaterahana iray dia loto iray, tsy ahoako na aiza no misy azy. Raha ao anaty tranom-biby ny fahaterahana iray, dia loto iray izany. Raha ao an-trano izany, dia loto iray izany. Raha any amin'ny hopitaly izany, ao amin'ny efitrano mavokely, voaravaka, dia loto iray izany. Ny fahaterahana iray dia loto iray foana.

230 Ary ny Fahateraham-baovao dia tsy latsak'izany. Loto iray izany; mitomany sy migogogogo, mimenomenona fotsiny, molotra miambakambaka, ary ireo karazana zava-miseho rehetra ireo. Loto iray izany, saingy mitondra Aina. Ny fomba tokana izay ahafahanareo hanao an'ilay izy.

231 Aza maka ny fandraisan-tànana, na mametraka ny anaranareo eo amin'ny fiangonana iray, mandeha ka manao hoe, "Mino an'Andriamanitra ilay Ray Tsitoha aho, Mpamorona ny lanitra sy ny tany; ary Jesosy Kristy, ilay Zanaka; ny fiangonana Katolika Romana masina; ary ny fiombonan'ny olo-masina." Raha manao ianareo, dia manambara ianareo fa momba ny fanahy iray.

232 Ny zavatra rehetra mifandray amin'ny maty, tsy ahoako na inona ilay izy, dia devoly iray. "Mpanelanelana anankiray ihany no misy eo amin'Andriamanitra sy ny olona, dia ilay Lehilahy Jesosy Kristy." Ary tsy maty Izy, fa velona Izy. Ary eto Izy ankehitriny; nitsangana tamin'ny maty Izy. Ireo olo-masina Katolika hafa rehetra sy ny olo-masina Protestanta, ary inona koa, dia maty ary ao am-pasana. Mety ho any amin'ny Voninahitra izy ireo. Raha olo-masina izy ireo, dia Any izy ireo. Tsy ahoako izay misy azy ireo, raha mifandray amin'izy ireo ianareo, dia mandika tanteraka mihitsy ny lalàn'Andriamanitra ary mifandray amin'ny devoly iray. Tsy olo-masina iray izany. Izany tokoa. Ny Baiboly no niteny an'izany.

233 Ny kijeja dia nihinana an'izany, ihany koa, fa Andriamanitra no hamerina an'izany ho amin'ny Fanahin'Andriamanitra marina, velona izay tsy mifandray amin'ny Masindahy Joda iray, sy Masina *Ity,* sy Masina *Itsy,* sy Masimbavy Cecilia, ary ireo hafa rehetra ireo, ary ny sasany amin'ireo olo-masina ireo. Izany dia ho ny Fanahin'i Jesosy Kristy izay hiverina sy haneho ny Tenany ary hanao an'ilay tena zavatra iray ihany. "Izaho no hamerina, hoy ny Tompo." Ary misaotra an'Andriamanitra aho, androany, ny amin'ilay sampan'ny Fiangonana *eto,* misy Aina kely mitsofoka miakatra Eo.

Maneho ny Tenany Izany. Andriamanitra no hamerina an'ilay Fiangonana manontolo hiverina amin'ny Tsanganany marina indray, alohan'ny Fihavian'ny Tompo.

234 Tompo Jesosy, Anao ny fotoana. Tompon'andraikitra amin'ny Teny fotsiny ihany aho, mitory an'Izany. Ankehitriny dia vita izany. Eo an-Tànanao izany, Tompo. Mivavaka aho mba amin'ny Anaran'i Kristy, mba Handraisanao an'ireo zavatra ireo, ary tao amin'ny hazavana no nitoriana an'Izany, Tompo. Enga anie, raha voaratra ny fieritreretana rehetra, dia enga anie izany ho sitranin'ny Balsaman'i Gileada. Enga anie ireo, Tompo, izay mipetraka eto izay efa nofafazana, nandrarahana, na nasitrika tao amin'ny andriamanitra telo, avelao izy ireo hahita ny fahadisoany, Tompo. Izaho dia afaka . . . tsy mampaninona na firy no efa notoriako.

235 Rehefa nitory Ianao dia nanao an'ilay zavatra iray ihany, kanefa jamba ny mason'izy ireo. "Tsy misy olona mahay manatona Ahy raha tsy Ny Raiko no mitarika azy." Ary na dia efa nitory sy nanao fahagagana aza Ianao, ka nanaporofo fa Ianao no Mesia, kanefa tsy nety nino izy ireo, satria nilaza i Isaia fa ho tahaka an'izany izy ireo.

236 Ary afaka manampy an'ity aho, hoe, amin'izao andro izao, na dia nanao zavatra maro aza Ianao, namoaka Ny Teninao marina Ianao, mamerina an'Izany ao amin'ny fototra apostolika, mametraka an'Izany eo amin'ny fihaikana iray, hoe Izany no Fahamarinana, ary avy eo dia miverina avy hatrany ao ambadik'Izany Ianao ary manao an'ireo karazana fahagagana iray ihany izay Nataonao fony Ianao teto an-tany. Inona no mitranga? Tsy afaka izy ireo. Satria, i Paoly dia nilaza, tamin'ny alàlan'ny Fanahy (tahaka ny nolazain'i Isaia), "Ho kirina izy ireo, mieboebo, tia fahafinaretana mihoatra noho ny fitiavana an'Andriamanitra, mpanontolo fo, mpanendrikendrika, tsy mahonom-po, ary tsy tia ny tsara; manana ny endriky ny toe-panahy araka an'Andriamanitra, nefa mandà ny Heriny: alaviro ny tahaka an'izany."

237 Tompo, mivavaka aho androany mba Hanehoanao ny Tenanao ka—ka hanao Ny—hanao Ny Teninao ho velona eo anivonay izao ankehitriny izao. Fa mangataka an'izany amin'ny Anaran'i Jesosy izahay. Raha hanao an'izany Ianao, Tompo, dia hino izy rehetra ireo. Handeha hiala amin'ity tabernakla ity izahay izao maraina izao, mino fa afaka ny fanahinay, raha Ianao fotsiny no handefa an'izany amin'izy ireo, Tompo, ary miteny amin'ny fo tsirairay, raha miandry ny Fahaiza-mamantatrao izahay.

Aoka ny Fanahy Masina, ilay Ain'Andriamanitra marina, hiditra ao amin'ity ampahan-drantsana kely izay tavela ity. O Tompo, omeo hery amin'Ny Fanahinao izany. Enga anie izany . . . Izany no manambara, Tompo. Manambara hoe, marina Ny

Teninao. Mpandainga ny olona rehetra; Ianao no Fahamarinana. Tsy mampaninona na firy no lasa manohitra; raha mila fanaovana maritiora izany, mila fandroahana izany, mila fanaovana asam-pitoriana izany, eo amin'izay tsy maintsy hakanareo olona anankiray fotsiny ka hitsangana eo. . . Ireo zanak'Andriamanitra mahantra ireo, ho avy izy ireo, na ahoana na ahoana, tsy mampaninona. Ho avy izy ireo, na ahoana na ahoana, hihaino.

238 "Ny Ondriko mahalala Ny Feoko, tsy hanaraka vahiny izy ireo." Ny Feonao, ny fomba Niantsoany ny Ondrinao voalohany, no Iantsoany indray. Ary tsy hanaraka vahiny izy ireo. Raha Ny Feonao, izay niantso ny Ondrinao, no nanao hoe, "Mibebaha, ny tsirairay avy aminareo, ary aoka hatao batisa amin'ny Anaran'i Jesosy Kristy," dia nandre an'Izany ny Ondrinao. Mandre an'ilay zavatra iray ihany ny Ondrinao androany. Raha nilaza ny anankiray hoe, "Oh, izany dia—karazan-javatra antikristy izany. Aoka hatao batisa, anaran'ny 'Ray, Zanaka, Fanahy Masina,'" dia tsy hanaraka vahiny izy ireo. Ho fantatr'izy ireo Ny Feonao. Hiandry an'ireo Asanao izy ireo. Mivavaka aho, Ray, mba Hanekenao ho an'ny rehetra. Niteny Ny Feonao, enga anie hanaraka ireo Asanao. Amin'ny Anaran'i Jesosy. Amena.

[Miteny amin'ny fiteny tsy fantatra ny rahalahy iray—Mpand.] Ankehitriny, ry sakaiza, mihetsika ny Fanahy Masina.

239 Ankehitriny dia hanatodika ny lamosiko any amin'ity mpanatrika ity aho. Ankehitriny, tsy mila anareo olona eto amin'ity tabernakla ity aho, tsaratsara kokoa amiko ny mijery mankany amin'*ity*, tsy mila anankiray amin'ny olon'ny tabernakla aho; ianareo izay tsy mbola teto mihitsy tany aloha no ilaiko, na ianareo izay mahafantatra fa tsy mahafantatra anareo aho. Ny olona ivelan'ny tanàna, atsangano indray ny tànanareo, izay ahafahako mahita an'izay misy anareo, hoe marary ianareo. Aoka ny Fanahy Masina hihetsika ankehitriny. Ankehitriny, ho anareo olona, tsy mahafantatra anareo aho.

240 Manana karatra fangataham-bavaka ve ianareo? Izy ireo ve nizara vavaka. . .? [Elanelana tsy voaraki-peo—Mpand.]. . . nokasihan'izy ireo.

241 Ary aoka Izy hanao an'izany farafahakeliny indroa. Hoy ny Baiboly hoe, "Amin'ny vavan'ny. . ." Firy no vavolombelona? "Roa na telo." Marina ve izany? "Vavolombelona roa na telo, no aoka hanorenana mafy ny teny rehetra." Makà roa na telo farafahakeliny, amin'izay fotoana izay dia minoa ny sisa aminareo. Na inona na inona ilainareo, dia minoa an'izany izao ankehitriny izao.

242 Hanao an'izany ve ianareo, raha hanao an'izany Izy? Atsangano ny tànanareo, manaova hoe, "Izaho dia—izaho dia—horaisiko amin'ny finoana izany, manangana ny tànako fotsiny

aho." Hanao an'izany ve ianareo? Atsangano ny tànanareo, ny olona rehetra ato. Firy ato no manao hoe, "Mbola tsy nahita an'izany mihitsy aho taloha. Izaho dia handray an'izany amin'ny finoana, ihany koa"? Atsangano ny tànanareo, manaova hoe, "Horaisiko amin'ny finoana izany." Jereo eto.

243 Ankehitriny dia hitanareo ve izay itsanganako? Misy fihaikana iray eto. Ankehitriny, raha Izy no Andriamanitra, dia haneho ny Tenany Izy. Raha tsy izany no Fahamarinana, amin'izay fotoana izay dia mpandainga iray sy mpaminany sandoka iray aho. Tsy tokony ho tonga hihaino ahy intsony indray ianareo, satria mpaminany sandoka iray aho; mijoro vavolombelona ny amin'i Kristy izay tsy marina aho. Tsy afaka manao an'izany ianareo ary manaporofo ny fampianarana izay izaho . . . [Elanelana tsy voaraki-peo—Mpand.]

244 Avia ianao. Avy eto ianao, ny tabernakla, sa tsy izany, ramatoa? Mipetraka eo ianao miaraka amin'ny tànanao mitsangana, manao satroka fotsy kely. Hia. Avy eto ianao. Hitanareo, rehefa mahita an'izany aho eo, dia misintona an'io fahitana io ny olona. Afaka mahita an'Izany mitsangana eo ambonin'izy ireo mihitsy aho.

245 Fa miandry olona iray izay tsy fantatro aho. Eto, ianao avy eto amin'ny tabernakla eto, ramatoa izay manangana ny mosaranao tahaka an'*izao*, mipetraka eto mihitsy? Ianao ve avy . . . Ianao, ianao dia—avy any ivelan'ny tanàna ve ianao? Mitsangàna iray minitra. Raha nipetraka teo ianao, nivavaka, dia nisy fahatsapana hafahafa iray tonga teo aminao, tampoka teo. Ilay Anjelin'ny Tompo izany. Ankehitriny dia mitsangana eo akaikinao mihitsy Izy ankehitriny. Ankehitriny dia misy zavatra iray, izay nikasihanao Azy. Tsy fantatro hoe inona izany. Fa ianao dia avy any ivelan'ny tanàna. Mety ho avy any Louisville ianao, na Tennessee, na mety ho avy aiza ianao. Tsy fantatro. Andriamanitra no tena mahafantatra an'izany. Fa raha Hambarany amiko izay ianao . . . ny tsiambaratelon'ny fonao, mampahafantatra ny—ny fanirianao, na zavatra hafa, dia hino ve ianao, manaiky ny Teny, manao ny zavatra rehetra mihitsy araka . . .

246 Ankehitriny ianareo olona rehetra, izay mijery an'ilay vehivavy mihitsy, dia hahita. Ankehitriny dia aoka ny Fanahy Masina, raha mbola ny Fanahy Masina foana Izy, dia aoka Izy hanambara an'izany. Aza matahotra. Andriamanitra Izy. Mihazona Ny Teniny Izy, ny Teny tsirairay.

247 Ilay vehivavy dia mijaly amin'ny fikorontanana, aretin'ny fikorontanan-tsaina iray. Marina izany, atsangano ny tànanao. Ianao dia tratry ny aretim-po, ihany koa. Fo mikorontana izany. Maharary anao ratsy kokoa rehefa mandry ianao, manempotra anao kokoa. Efa nahazo fandidiana iray ianao. Mbola tsy sitrana io fandidiana io. Marina izany. Sa tsy izany? Tsia, tsy avy any

Ohio ianao. . . Avy any Ohio ianao. Avy any Ohio ianao. Eny, tompoko. Manana enta-mavesatra ianao ao am-ponao. Zazavavy iray izany, na zavatra iray. Zanakavavy iray izany, tsy hita. Izany no HOY NY TOMPO HOE. Mandehana, raiso izay nangatahanao, ramatoa. Nikasika Zavatra ianao. Mino ve ianao?

Iza koa no nanangana ny tànany . . . ? [Elanelana tsy voaraki-peo—Mpand.] . . . ato?

248 Mino ve ianao fa afaka manambara amiko ny tsiambaratelon'ny fonao Andriamanitra? Mino ve ianao fa izany ilay Andriamanitra iray ihany izay notoriako izao maraina izao? Manana aloka mainty iray ianao eo amboninao, homamiadana izany. Mino ve ianao fa hanasitrana anao Andriamanitra? Mino ianao? Eny àry, tompoko, noho izany dia miverena any Ohio izay nihavianao, Lebanon, miverena ka aoka ho salama, mino an'i Jesosy Kristy Tompo. Mandehana, minoa.

249 Ity ramatoa kely mipetraka eto ity mihitsy, karazana . . . Tratran'ny karazana tandimerina amin'ny hoditra. Mitsangàna, malala. Mino ve ianao? Somary nanaitra anao kely, sa tsy izany? Eny àry. Izany dia . . . Ho resinao izany. Ho mety tsara ianao. Mahita anao aho, any aoriana any. Mandehana mody, aoka ho salama.

250 Iza ilay olona nitsangana minitra vitsy lasa fotsiny izay? Nisy lehilahy iray nitsangana tery aoriana tery, any ho any. Ianao miaraka amin'ny tànanao mitsangana, mitsangàna. Mino ve ianao fa afaka miteny amiko Jesosy Kristy hoe inona ny aretinao? Manaiky an'izany ve ianao? Mino ve fa hiala amin'ny tendanao io mivonto io? Ny vadinao io mipetraka eo akaikinao io, mijaly amin'ny aretin'ny fikorontanan-tsaina izy. Izany dia marina, ihany koa. Avy any Ohio ianareo rehetra. Apetraho eo aminy eo ny tànanao, rahalahy.

251 Tompo, enga anie ho sitrana izy ireo, hiverina any antranony, mifaly sy ho salama, amin'ny alàlan'i Jesosy Kristy Tomponay. Amena.

252 [Elanelana tsy voaraki-peo—Mpand.] . . . olona eo akaikinareo. Raiso ny Teniko; miteny aminareo ny Tenin'Andriamanitra aho. Mino an'Izany ve ianareo ankehitriny? Izay rehetra mino, manaova hoe, "Amena." [Hoy ny fiangonana hoe, "Amena."] Efa tonga voaseho ny Teny. Izany no Fahamarinana.

Ankehitriny dia aondreho ny lohanareo.

253 Tompo, manatona Anao amin'ny Anaran'i Jesosy aho, mivavaka ho an'ireto olona ireto. Tara izao, Tompo. Ary tara marina tokoa noho izay heverinay izao. Izany dia ny Fihavian'ny Tompo, izay antomotra. Mivavaka izahay mba hihitatra ny Famindramponao. Omeo azy ireo, Tompo, ny fahasitranany. Ankehitriny dia manameloka ny devoly aho, eo amin'ny Hazavan'ny Tenin'Andriamanitra;

hoe Izy no Zanak'Andriamanitra, hoe Jesosy Kristy ilay Zanak'Andriamanitra dia tsy miova omaly, anio, ary mandrakizay, hoe ny batisan'ny rano amin'ny Anaran'i Jesosy Kristy no marina . . .

59-0823 Kijeja, Koraika, Valalavao, Sompanga
Branham Tabernacle
Jeffersonville, Indiana U.S.A.

MALAGASY

©2024 VGR, ALL RIGHTS RESERVED

VOICE OF GOD RECORDINGS
P.O. BOX 950, JEFFERSONVILLE, INDIANA 47131 U.S.A.
www.branham.org

## Filazana fahefan'ny tompon'ny boky

Tsy azo adika. Ity boky ity dia azo atao printy amin'ny fanaovam-printy ao an-trano ho an'ny fampiasana manokana na ho zaraina, tsy misy sarany, ho fitaovana iray hanaparitahana ny Filazantsaran'i Jesosy Kristy. Ity boky ity dia tsy azo amidy, na adika indray amin'ny refy lehibe, na alefa amin'ny siteweb iray, na tehirizina amin'ny fomba nisy nanesorana, na adika amin'ny fiteny hafa, na ampiasaina ho fangataham-bola raha tsy misy alàlana voasoratra mazava avy amin'ny Voice Of God Recordings®.

Ho an'ny fanazavana fanampiny na ho an'ny fitaovana hafa efa azo raisina, dia iangaviana hifandray amin'ny:

VOICE OF GOD RECORDINGS

P.O. BOX 950, JEFFERSONVILLE, INDIANA 47131 U.S.A.

www.branham.org